# Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina

*Boky Tari-dàlana sy Tahirin-kevitra*

## Manokatra ny Trano Fitehirizan'ny Lanitra

*ary Mivavaka ho an'ny Fandresena ny Faharavana Ara-panahy*

Telovolana Voalohany 2021

Sabata 02 Janoary

## Fifohazana
## & Fanavaozana

Nomanin'ny Foibe Maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito hampiasain'ny fiangonana sy ny isam-batan'olona niaraka tamin'ny Komitin'ny Fifohazana sy ny Fanavaozana.

Nosoratan'i Melody Mason ho Tetik'asa maneran-tany.momba ny Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina

Tsidiho ny *www.revivalandreformation.org* raha mila fanazavana fanampiny

# Loha-hevitra


| | |
|---|---|
| Fanasana Hifady Hanina sy Hivavaka | 3-4 |
| Tari-dàlana ho an'ny Mpitarika | 5 |
| Soso-kevitra momba ny Fandaharana Sabata Maraina | 6 |
| Soso-kevitra momba ny Fandaharana Folak'andro | 7-9 |
| Soso-kevitra momba ny Toriteny ho an'ny Ankizy | 10-11 |
| Toriteny Sabata Maraina | 12-19 |
| Fisaintsainana sy Fandinihan-tena ho an'ny Mpitarika amin'ny tolak'andro: Lesona avy amin'ny Virijina Hendry sy Adala | 20-23 |
| Taratasy Zaraina 1 ho an'ny Vavaka Manokana: Manaisotra Ireo Faharavana Ara-panahy- Faharavana Mahazatra Izay Misakana nyFirotsahan'ny FanahyMasina eo amin'ny Fiainantsika – Dingana Enina ho amin'ny Fahafahana | 24-29 |
| Taratasy Zaraina 2 ho an'ny Vavaka Iombonana : Zavatra Hifantohan'ny Vavaka Iombonana | 30-32 |
| Taratasy Zaraina 3 ho an'ny Vavaka Iombonana: Teny Fikasana Mahery Vaika Momba ny Vavaka | 33-36 |

## Fanasana Hifady Hanina Sy Hivavaka

Raha nisy fotoana teo amin'ny tantara tokony hikatsahantsika maika dia maika ny herin'ny Fanahy Masina dia ankehitriny izany. Mandalo fotoan-tsarotra ny tontolo misy antsika. Betsaka ny fanaintainana sy ny fijaliana, mitombo fatratra ny fahadisoan-kevitra ara-panahy, ary maro ny olona no maty tsy manana fanantenana Mpamonjy. *Mila ny Fanahy Masina isika hanome hery antsika hamitana ny asan'Andriamanitra mba hitondran'i Jesosy antsika hody any an-tranon'ny Ray.* Nefa alohan'ny handrotsahana ny Fanahy Masina amin'ny fahafenoany, dia misy zavatra manan-danja tsy maintsy hitranga.

Nanoratra i Ellen White nanao hoe: "Afaka manao zavatra bebe kokoa ao anatin'ny ora iray ny Tompo mihoatra noho izay vitantsika mandritra ny androm-piainantsika manontolo; ary rehefa hitany fa manolo-tena tanteraka ny olony, dia mamelà ahy hilaza aminareo fa asa lehibe no ho vita ao anatin'ny fotoana fohy, ary ny hafatry ny fahamarinana dia ho tonga any amin'ny toerana maizina eto an-tany, teo amin'izay tsy mbola nitoriana izany " (*Sermons and Talks, vol. 1, p. 307*). Feno fanoloran-tena tanteraka ve isika? Moa ve isika voaomana ho fanaka azon'ny Fanahy Masina fenoina?

Noho ny fahafantarana ny ilàntsika manokana ny fanoloran-tena lalindalina kokoa, dia tianay ny hanasa anao hiaraka amin'ny fianakaviam-ben'ny fiangonanay amin'ity andro manokana fiaraha-mivavaka sy fifadian-kanina ity. Ny loha-hevitra ho banjinintsika dia manao hoe; "Manokatra Ny Trano Firaketan'ny Lanitra. " Ny vavaka hataontsika dia hifantoka amin'ny filan'ny fo: mivavaka mba hitovy bebe kokoa amin'i Jesosy, finoana mitombo mandritra ny fotoan-tsarotra ary mahazo fahasahiana hijoroana ho vavolombelona. Hivavaka manokana isika ho an'ny fanoloran-tena lalina kokoa mba hahatonga ny voninahitr'Andriamanitra ho tanteraka bebe kokoa amin'ny fahafenoany eo amin'ny fiainantsika.

Fa nahoana ity andro fiaraha-mivavaka ity no asiana fifadian-kanina?

Mifady hanina isika satria maniy mafy ny fitahian'Andriamanitra. Rehefa mamaky ny Baiboly isika dia mahita fa ny fifadian-kanina dia tsy safidy. Nomena izany. Ny Matio 6:17 dia tsy milaza hoe: "Raha mifady hanina ianao", fa kosa, "Rehefa mifady hanina ianao." Raha dinihintsika avokoa ireo fifadian-kanina rehetra ao amin'ny Baiboly, dia hitantsika fa isaky ny *nivavaka sy nifady hanina* ny olon'Andriamanitra dia niasa tamin'ny fomba maheryvaika ho azy izy ireo Izy - hatramin'ny fanafahana tamin'ny fahavalo tany an'ady ka hatramin'ny
fanafahana amin'ny fomba mahagaga avy ao am-ponja ka hatramin'ny firotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny Pentekosta, dia mahita lamina na modely iray isika. Io modely io dia miverimberina nandritra ny tantara kristiana. Ny fifadian-kanina dia ampahany mandrakariva tamin'ny fomba fiainan'ny mpino, toy ny vavaka sy ny fianarana Baiboly. Raha ny marina, ny olona malaza rehetra ao amin'ny Baiboly dia nifady hanina avokoa.

Lazaina amintsika fa, "Ankehitriny sy mandra-pahatapitry ny fotoana, ny olon'Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, hifoha bebe kokoa, tsy matoky ny fahendreny, fa ny fahendren' ny Mpitarika azy. Tokony *hanokana andro hifadian-kanina sy hivavahana* izy ireo. Tsy voatery takiana ny fifadiana tanteraka ny sakafo rehetra, saingy

tokony hihinana kely fotsiny amin'ny sakafo tsotra indrindra izy ireo "(*Counsels on Diet and Foods, p. 188, 189*, *nasiana fanamafisana).*

Ny fifadian-kanina dia mihoatra noho ny tsy misakafo fotsiny. Ny fifadian-kanina dia fisafidianana ny tsy hanao zavatra mba hahazoana mivavaka am-piniavana bebe kokoa sy amin'ny fo kokoa ary amin'ny fifantohan'ny fanahy bebe kokoa. Betsaka no misafidy ny tsy hihinana sakafo, nefa tsy ny olon-drehetra no afaka tsy mihinana sakafo tanteraka, ary tsy ny olona rehetra no mifidy an'io karazana fifadian-kanina io. Tsy maninona. Manentana anao izahay hivavaka sy hangataka amin'Andriamanitra hoe inona no karazana fifadian-kanina tiany hataonao. Mety hisafidy ny hihinana sakafo tsotra kokoa ianao, na mety hisafidy ny hifady tambazotra sosialy, fahitalavitra na fahazarana hafa mandany fotoana. Na inona na inona ataonao dia zava-dehibe ny mahatsiaro fa ny fifadian-kanina dia tsy fahazoana valisoa avy any an-danitra. Ny hevi-dehibe amin'ny fifadian-kanina dia ny fanesorana ireo zavatra manelingelina mba hahafahantsika mitady an'i Jesosy amin'ny fo manontolo. Araka ny lazain'i Derek Morris, filohan'ny Hope Channel, "Mifady hanina avy amin'izao tontolo izao isika mba hahafahantsika mivoky eo amin'i Jesosy."

Manasa anao izahay mba ho handray anjara amin'ity andro miavaka ity! Na misafidy ny hifady hanina ianao na tsia dia mino isika fa Andriamanitra dia manana fitahiana manokana voatahiry ho anao.

Angamba ianao tsy dia marisika amin'ny vavaka iombonanasatria tsy tianao ny mivavaka mafy. Manasa anao izahay mba ho tonga ihany. Afaka mivavaka mangina miaraka amin'ny hafa ianao, manandratra ny vavaky ny hafa ary mivavaka ho an'ny olona sy ny zavatra entin'Andriamanitra ao am-ponao. Ary raha matahotra ianao fa "tsy dia tsara loatra" ny vavaka ataonao, fantaro fa Andriamanitra dia mihaino, tsy ny tenintsika ihany, fa ny fontsika koa. Tsy mitady vavaka "tsara loatra" Izy fa mpivavaka tso-po mikatsaka Azy. Na dia tsy fantatsika aza izay vavaka tokony hataontsika dia fantany. Mandre Izy. Ary manasa antsika *hiara-hivavaka* Izy. "Ary lazaiko aminareo koa :raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona, ka hangataka izany dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany "(Mat. 18:19).

Hoy ny Hebreo 10:24, 25: "Ary aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara; aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon'ny sasany, fa mifananara kosa, mainka satria hitanareo fa mihantomotra ny andro. "

Antomotra ny Andro! Ary izao no fotoana tokony hivavahana! Aoka tsy ho diso anjara amin'ny fitahian'ny lanitra izay tehirizin'Andriamanitra ho anao.

## Tari-dàlana ho an'ny mpitarika

• Zarao amin'ny mambran'ny fiangonana farafahakeliny herinandro iray na roa mialoha an’ilay andro manokana ny taratasy *"Fanasana Hifady Hanina sy Hivavaka*” mba hahafahan'izy ireo miomana.

• Ato amin'ity fonosana ity dia ahitana ny Toriteny hatao Sabata maraina, "*Manokatra ny Trano Fitehirizan’ny Lanitra*”.  Manasa ny fiangonanao izahay mba hizara izany hafatra izany mandritra ny fotoam-pivavahana maraina amin'ny Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina. Mety hanome aingam-panahy ho an’ny mambra maro kokoa izany hanatrika ny fotoam-bavaka amin’ny  tolakandro.

• Misy tantara ho an'ny ankizy mba hanampiana ny ankizy hahita ny herin'ny vavaka.

• Misy ihany koa pejy ho vakiana ho amin'ny fandaharam-bavaka tolakandro, “*Lesona avy amin'ny Virjina Hendry sy Adala* ”. Ity pejy ho vakiana  hanaovana fisaintsainana sy fampaherezana ity dia tokony harahin'ny fotoam-bavaka ataon’ny tena manokana sy vavaka iombonana.

• Mampirisika izahay ny handaminana ny fandaharam-potoana tolakandro ho 1-2 ora ; maro no miomana ny hanao fiaraha-mivavaka mandritra ny tolakandro manontolo. Kanefa avelao ny Fanahy Masina nohitarika.

• Omano ny taratasy ho zaraina "*Manaisotra Ireo Faharavana ara-panahy*" ho amin'ny fotoam-bavaka ataon’ny tena manokana.

• Omano ny taratasy ho zaraina "*Teny Fikasana Mahery Vaika momba ny Vavaka*" sy "*Ireo Zavatra Hifantohan’ny Vavaka*" ho amin'ny fotoam-bavaka iombonana.

• Raha atao amin'ny aterneto ny Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina dia azo alefa amin'ny mailaka amin’ny mpandray anjara ireo  tahirin-kevitra rehetra ireo

## Soso-kevitra momba ny Fandaharam-potoana Sabata Maraina

Feon-kira fiomanana

Miditra ny mpandraharaha

Vakiteny Salamo fiderana

Hira Fiderana

Antso ho amin'ny Fanatitra

Fanatitra sy Ampahafolony

Tantara ho an'ny ankizy: "Ankizilahy kely manana tongotra ngezabe"

Vakiteny fototra : 2 Tantara 7:14

*«Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena
ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony,
dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony
ary hahasitrana ny taniny "(2 Tan. 7:14).*

Vavaka fanelanelanana

Hira na Feon-kira Manokana

TORITENY: "Mamoha ny Trano Fitehirizan'ny Lanitra"

Hira famaranana

Tso-drano sy Filazana an-tsipiriany ny fandaharana folak'andro

Feon-kira famaranana

## Soso-kevitra momba ny fandaharam-potoana folakandro

**Toerana:** Mivoria ao am-piangonana, eny ivelany eo ambany alokaloky ny hazo, na, raha kely ny vondrona misy anao dia mivoria ao amin'ny efitrano iray mampahazo aina manokana ao an-tokantranon'olona izay tsy misy fanelingelenana. Raha tsy mahazo alalana mivorivory ny olona, dia mety ho azonareo safidiana ny *Zoom* . Afaka mihaona amin'ny alalan'ny finday koa ianareo.

**Fiderana Sy Fiankohofana Fanokafana (15-20 minitra)**: Ny hira sy feon-kira dia mametraka mandrakariva rivo-piainana mety ho amin'ny fiankohofana, noho izany dia atombohy amin'ny hira vitsivitsy manome aingam-panajana sy mandrisika hitady an'Andriamanitra. Miangavia mambra vitsivitsy hizara fijoroana ho vavolombelona 30 segondra momba ny valim-bavaka na fiderana an 'Andriamanitra eo anelanelan'ny hira.

**Fiarahabana tongasoa sy filazana**:
tokony handray ny olona tonga ny tompon'andraikitra ary mizara toro-marika vitsivitsy:

• Fotoam-bavaka sy fitadiavana an'Andriamanitra izao.

• Izay rehetra ifampizarana dia tsiambaratelo ka tsy tokony zaraina eny ivelan'ny efitrano.

• Aza mandray fangataham-bavaka mialohan'ny fotoana. Hazavao fa fotoana tokony hivavahana izao, fa tsy iresahana, ka ny antom-bavaka dia tononina mandritra ny fotoam-bavaka fa tsy resahina mialoha.

• Ataovy izay mampahazo aina. Aza misalasala ny manova toerana — mipetraka, mandohalika, mitsangana, sns.

• Atrakao ny lohanao rehefa mivavaka ianao. Mivavaha mafy mba ho ren'ny hafa.

• Ny vavaka dia mihoatra noho ny tenintsika fotsiny. Takio ny Soratra Masina ary mivavaha ho an'ny teny fikasan'Andriamanitra. Manaova andininy iray na roa amin'ny hira iray, miaraka amin'ny mpandray anjara hafa (Izahay dia nanomana ho anareo lisitra teny fikasana ho takiana mandritra ny fotoam-bavaka.)

• Rehefa misy mivavaka ho an'ny filàna iray na olona iray, dia asaina ny olona hafa hanampy ny azy manokana koa ary hanandratra izany filàna na olona iray izany ho fanehoana firaisam-po. (Matio 18:19).

• Takio ny fiainana madio, ny fahafoizan-tena ary ny fanompoan'i Kristy ao amin'ny vavaka (Jaona 14:14; Apokalypsy 8: 3).

**Vavaka fanokafana**

***Zarao ny taratasy misy ny teny ho saintsainina***: Asaovy misy mamaky, na mifandimby mamaky ilay teny ho saintsainina ho fampaherezam-panahy ("*Lesona avy amin'ny Virjina Hendry sy Adala ").*

***Fotoam-bavaka ataon'ny tena manokana***: Misaratsaraka ho amin'ny fotoam-bavaka ataon'ny tena manokana miaraka amin'ny Taratasy Zaraina 1, *Manaisotra Ireo Faharavana ara-panahy*. Manokàna 30- 60 minitra ho an'ity fotoam-bavaka manokana ity. Ampirisiho ny mpanatrika hampiasa ny Baiboliny sy kahie handraisana an-tsoratra ny zavatra asehon' Andriamanitra azy ireo, avy eo dia asaivo miverina hihaona miaraka indray ny rehetra (na miverina mifandray amin'ny Zoom) amin'ny fotoana manokana iray.

***Fotoam-bavaka iombonana***: Zarao ny Taratasy 2, "*Antom-bavaka ho an'ny Vavaka Iombonana,*" ary ny Taratasy 3, "*Teny Fikasana Mahery.Vaika momba ny Vavaka*" . Manokàna 1-2 ora ho an'ity fotoam-bavaka ity ary ampidiro ny antom-bavaka hafa izay mipoitra.

Mandritra io fotoana io dia manoso-kevitra anao izahay mba hampirisika ny olona hanao vavaka fohy (hevitra iray, na fehezanteny 1-2) ary mifandimby mivavaka miverimberina. Afaka mivavaka matetika ny olona, fa ampirisiho ny tsirairay hanome fotoana ho an'ireo saro-kenatra kokoa hitenenana sy hivavahana. (Misy torolàlana bebe kokoa ho an'ny mpitarika vavaka omena etsy ambany.)

***Fijoroana ho vavolombelona sy fisaorana***: Farano amin'ny fotoana anaovana fisaorana. Avelao ny olona hizara fohifohy fijoroana ho vavolombelona 1 na 2-minitra momba ireo fitahiana azony nandritra iny andro iny, na momba ny valim-bavaka
.
***Fanentanana***: Entano ny olona hifampivavaka hatrany, na hanangana vondrom-bavaka kely any an-tokantranony raha tsy mbola nanao izany. (Raha misy mambra te-hanatevin-daharana ny vavaka iraisana isan'andro amin'ny alalan'ny antso an-telefaonina any amin'ny faritra misy azy eto amin'izao tontolo izao, dia ampirisiho izy ireo hianatra momba ny *Vavaka Iraisana 24/7*. Ny fampahalalana bebe kokoa momba izany dia azo jerena amin'ny aterneto: revivalandreformation.org/resources/all/join-us-for24/7-united-prayer.)

***Mampiato ny fifadian-kanina amin'ny sakafo manokana***: ny fiangonana sasany dia mety misafidy ny hiara-misakafo aorian'ny fotoam-bavaka hampiatoana ny fifadian-kanina. Ataovy tsotra ny sakafo fa aoka hanintona ny sakafo sy ny rivo-piainana mba hamorona fotoana manokana. Raha mandrara izany ny fahasamihafana eo amin'ny fiaraha-monina dia manaova "picnic fiderana.". Aoka hifandimby hizara fiderana sy fijoroana ho vavolombelona bebe kokoa momba ny valim-bavaka

Fanamarihana fanampiny ho an'ny Mpitarika ny vavaka:

• *Na dia manome zava-kendren'ny vavaka aza izahay ary mampirisika ny fandinihana lalina ny fo, ambonin'izany rehetra izany, avelao ny Fanahy Masina hitarika ny fotoam-bavaka atonareo.*

• *Antitrantero fa na dia mety maharitra fotoana fohy aza ny fotoam-bavaka, na dia ora vitsivitsy aza, ny vavaka ataon'ny isam-batan'olona dia tokony ho fohy mba hahafahan'ny olona maro mandray anjara mavitrika sy hampizotra tsara ny fotoana. Manana fironana ho leo ny olona amin'ny vavaka lava. Nambara taminay fa mandreraka ny anjely koa izany (Prayer, p. 258).*

*• Tadidio fa tsara ny fahanginana amin'ny fotoam-bavaka. Aza mihevitra fa ilaina ny mameno ny fotoana mangina rehetra na mamarana mialoha ny fotoam-bavaka. Raha mitsambikina sy mivavaka haingana ny olona sasany, ny hafa kosa maka fotoana lava kokoa hahatsapana ho mahazo aina hivavaka mafy. Rehefa mitranga ny fahanginana, dia avelao izy hitohy kely. Manisa segondra vitsy fotsiny - na dia 30 segondra fotsiny aza raha tsy mahazo aina amin'ny fahanginana ianao – mba hamelana ny Fanahy Masina hiasa amin'ny olona.*

*• Raha tsy zatra miara-mivavaka ao anaty vondrona ny fiangonanao ary mampiditra andinin-tSoratra Masina sy mihira mandritra ny fotoam-bavaka, dia mila mitarika hanome modely ianao. Na ianao miangavy olona hafa mialoha mba hitarika, minia manonona vavaka avy amin'ny zava-kendren'ny vavaka na manomboka hira mandritra ny fotoam-bavaka. Raha hanokana fotoana hivavahana no laharam-pahamehana, dia fotoana ihany koa io hampianarana ny olona hiaraka hivavaka.*

Ho famintinana dia ireto misy torolàlana fohy azonao omena mialoha ny fotoana, raha ilaina, ho an'ny fotoam-bavaka iombonana:

• Atao fohy ny vavaka. Ny vavaka ampahibemaso dia tokony ho fohy sy mahitsy. Tehirizo ny vavaka lava be ho an'ny efitrano manokana.

• Manao antom-bavaka tokana isaky ny manonona vavaka, avy eo mijanona ary mamela ny hafa hivavaka na hiombon-kevitra aminao.

• Afaka mivavaka imbetsaka ny olona, saingy tokony ho fohy ny vavaka tsirairay.

• Mitenena mafy mba ren'ny hafa, na ataovy antoka fa mandeha ny fanamafisam-peo raha amin'ny Zoom.

• Vonoy mandritra ny video mandritra ny fotoam-bavaka, raha eo amin'ny Zoom.

• Iangaviana mba tsy hibahanana ny vavaka, fa avelao ny rehetra hanana fotoana hivavahana.

Raha tsy mbola nanao vavaka iombonana ianao talohan'izao dia afaka mianatra bebe kokoa amin'ny famakiana ny *Praying for Rain: A Mini-Handbook to United Prayer*. Hita eto amin'ny aterneto izany:
https://www.revivalandreformation.org/resources/all/praying-for-rain

# TORITENY HO AN'NY ANKIZY

**ZAZALAHY KELY MANANA TONGOTRA NGEZABE**

*Nosoratan'i Andrew McChesney*

Nifoha i Wilmot Redd, sivy taona, ary nahita fa ngezabe ny tongony sy ny feny. Nitombo avo roa heny ny haben'ny tongony sy ny feny nandritra ny natoriany tamin'ny alina tao amin'ny tanàna kely iray any Afrika Andrefana, firenena Liberia.

Nanandrana nampiditra pataloha izy, nefa tena tery izy ireo. Nanandrana nampiditra kiraro izy, toa kely izy ireo. Nampiditra *short* izy iray izy ary nihazakazaka tsy nikiraro nankany amin'i Dada.

"Ngezabe ny tongotro!" hoy izy. Toa natahotra i Dada. "Maharary ve izany?" hoy izy nanontany. "Tsia, tsy misy maharary », hoy ilay zazalahy. "Ny tongotro fotsiny no lasa tena ngezabe. Tsy afaka mampiditra pataloha na kiraro aho. "

Nieritreritra i Dada fa mety hihena ho azy ilay fivontosana ary nanoso-kevitra izy hiandry andro vitsivitsy. Saingy afaka herinandro, dia nihalehibe tsy nisy hoatran'izany ny tongotr'i Wilmot. Niantso tany amin'ny hopitaly i Dada. Ary tonga ny fiara mpitondra marary miaraka amin'ny jiro mirehitra sy ny feo famantarana maneno mafy. Naharitra 30 minitra ny dia nankany amin'ny hopitaly.

Tao amin'ny hopitaly dia nisy dokotera nihazakazaka nanao fitiliana nefa tsy nahita zavatra tsy nety. Navelan'i Dada tao amin'ny hopitaly i Wilmot ary niverina tany an-tanàna nisy azy izy. Nisy vehivavy antitra nilaza taminy hoe: "Vao nahita fahitana aho. Ny zanakao dia nozonin'olona mipetraka akaiky ety, ka tsy maintsy entinao lavitra izy. Izany no hany ny fomba hahasitranana azy. "

Niverina tany amin'ny hopitaly i Dada. Naka taxi, dia nitondra an'i Wilmot tany an-tranon'ny dadatoany lavidavitra tany. Tiany ho voaro amin'ny ozona ilay zanany lahy.

Tao amin'io tanàna vaovaonalehany io dia nitondra an'i Wilmot tany amin'ny hopitaly hafa i Dada. Nilaza ny mpitsabo iray fa nanana aretin'ny voa i Wilmot. Taorian'ny fitsaboana naharitra roa herinandro dia niverina tamin'ny laoniny ny haben'ny tongotra sy ny fen'i Wilmot, ary nivoaka soa amantsara ny hopitaly izy. Saingy mbola nino ihany i Dada fa nisy nanozona tokoa i Wilmot ka ny fihatahana lavitra ny tranony no nahasitrana azy. Nanao fandaminana i Dada mba hipetrahan'i Wilmot tao amin'ny dadatoany.

Rehefa afaka efatra taona taty aoriana, rehefa 13 taona i Wilmot, dia nifindra tany amin'ny tanàna hafa i Dada ary naniraka nampaka ilay zanany lahy. Nampidirina nianatra tao amin'ny sekoly Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito teo an-toerana izy. Tao amin'io sekoly no nahafantaran'i Wilmot fa mamaly vavaka Andriamanitra. Tia an'Andriamanitra ary te haneho ny fitiavany amin'ny fitandremana ny Sabata amin'ny andro fahafito. Ary dia natao batisa izy.

Fa Dada kosa dia nivavaka tamin'ny andro Alahady, ary sosotra izy noho ny finoana vaovao narahin'i Wilmot.

Andro nahabe raharaha ny fianakaviana ny Asabotsy, ary tsy nanampy tamin'ny fanasana lamba na fanadiovana tokotany intsony i Wilmot tamin'io andro io. Indraindray dia nosazian'i Dada i Wilmot tamin'ny tsy fanomezana azy sakafo ny tontolo andron’ny Sabata. Nanandrana niresaka tamin'ny rainy momba ny Sabata i Wilmot, saingy tsy nety nihaino i Dada. Nivavaka isan'andro i Wilmot mba hanalefahan'Andriamanitra ny fon'ny rainy.

Indray hariva, nandritra ny fotoam-pivavahan'ny fianakaviana, dia nangataka an'i Dada i Wilmot mba hanoro azy izay lazain'ny Baiboly momba ny tokony hivavahan’ny kristiana amin'ny Alahady. Nanokatra ny Baiboliny i Dada ary nitady lahatsoratra nefa tsy nahita. Avy eo dia navadik'i Wilmot ny Baiboliny ho ao amin'ny Lioka 4:16 ary nomeny an'i Dada.
"Vakio ity," hoy izy. Nivavaka mangina izy mba hanalefahan’Andriamanitra ny fon'ny rainy.

Namaky i Dada fa nandeha tany am-piangonana isaky ny Sabata i Jesosy. Hoy ilay andininy: “Ary araka ny fanaony, dia nidita tao amin'ny synagoga tamin'ny andro Sabata izy.” Taitra tampoka i Dada. "Tsy nahalala aho fa Jesosy dia nivavaka isaky ny Sabata, ” hoy izy. "Anaka, miala tsiny aho fa nanao fitondrana tsy mety taminao."

Tsy nanana olana tamin'ny Sabata intsony i Wilmot. Nivavaka izy mba ho lasa Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ny rainy. "Tiako ny mivavaka amin'ilay Ray any an-danitra," hoy izy. “Napetrako teo an-tànany avokoa ny zavatra rehetra.

Moa tsy mahafinaritra ve ny manompo Andriamanitra mamaly vavaka? Inona avy ireo zavatra tianao hangatahina amin'Andriamanitra anio? Iza no maniry hivavaka?

**TORITENY**

## MAMOHA NY TRANO FITEHIRIZAN'NY LANITRA

*«Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny "(2 Tan. 7:14).*

Roapolo taona mahery, nandritra ny Ady Mangatsiaka teo amin'i Etazonia sy ny Firaisana Sovietika, dia nijaly mafy ny mponin'i Romania. Noterena izy ireo hiaina teo ambany fifehezana henjana toy ny vy nataon'ny anankiray amin'ireo mpitarika ratsy fanahy indrindra tamin'ny taonjato faharoa-polo, ilay mpanao didy jadona kaominista Nicolae Ceausescu. Sarotra ho an'ny rehetra ny fiainana, indrindra ny Kristiana dia nijaly tamin'ny fitondrana henjan'i Ceausescu satria niaritra fanorisorenana, fanenjehana, eny fampijaliana ar-batana, fanagadrana ary fahafatesana mihitsy aza.

Ny kristiana iray anisan'ny nijaly tamin'ny fanorisorenan'ny kaominista dia ny pasitora izay hantsointsika hoe Stefana. Tamin'ny 1969 dia nesorin'ny governemanta tamin'i Pastora Stefana ny fahazoan-dàlana hitory teny ka voatery nitoetra teny amoron-dàlana izy. Rehefa tsy nanana fomba hamelomana ny ankohonany i Stefan, dia nanamboatra harona taratasy fiantsenana atambatra amin'ny lakaoly izy mba hahafahan'izy ireo mividy sakafo hohanina. Na dia teo aza ny fahantran'izy ireo, dia tsy namoy fo mihitsy i Pastora Stefana mba hanaovana asa fitoriana. Isan'andro raha eo am-piasana izy, dia nivavaka tamin'Andriamanitra mba hanome azy fotoana mety hahafahany manompo indray. Nivavaka mafy tamin-kitsim-po koa izy ho an'ny fifohazana - tsy ho an'ireo mpanenjika kominista ihany fa indrindra ho an'ny mambran'ny fiangonana romaniana ihany koa.

Efatra taona taty aoriana, tamin'ny fomba mahagaga, dia naverina tamin'i Pasitera Stefana indray ny fahazoan-dàlana hitory, ary voatendry indray amin'ny asa fanompoana izy, ka tamin'ity indray mitoraka ity dia tao amin'ny fiangonan-dehibe iray any Oradea.

Hatrany am-piandohana tao amin'ity fiangonana vaovao ity dia nanantitrantitra ny amin'ny vavaka sy ny fifohazana izy, ary nanao antso tamin'ny mambran'ny fiangonana mba hibebaka. Tsy nianina tamin'ny fifampiraharahana ankapobeny izy, fa tamin'ny zotom-po feno fanetren-tena, ary tsy nisy fialan-tsiny, dia nasehony tamin'ireo mambran'ny fiangonana ny fomba tokony hanaovana ny Tenin'Andriamanitra ho filamatra amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainantsika.

Betsaka amin'ny andro ankehitriny no mety tsy mahazo aina amin'ny fomba fiasan'i Pasitora Stefana. Ahoana no ahasahiany mifanehitra amin'ny olona momba ny fahotana manokana ary miresaka ny amin'ny toetra sy fihetsika tsy masina? Tsy tokony havela ho an'ny feon'ny fieritreretana manokana ve izany? Angamba. Kanefa ireo mambran'ny fiangonana romaniana dia nandray am-po ny antso nataon'i Pasitora Stefana - ary nibebaka izy ireo. Ary inona no vokatr'izany? Nandefa fifohazana Andriamanitra!

Rehefa afaka enim-bolana teo ho eo nanaovana vavaka tamin-kitsimpo ary nanesorana ny ota tao amin'ny fiangonana dia nanomboka nirotsaka ny Fanahin'Andriamanitra. Na dia nidika ho fanenjehana sy fahasarotana aza ny fanekena sy fanehoana finoana nandritra izany fotoana izany (ho an'ny sasany dia lasa maritiora mihitsy aza), dia maro ny olona, eny fa na

dia ireo izay efa naneso ny Kristiana tao Oradea aza, no nanomboka tonga ho azy tany ampiangonana. Tamin'ireo taona teo aloha dia azo lazaina fa tsara vintana ny fiangonan-dehibe iray misy mambra dimanjato raha afaka nanao batisa olona 10 tao anatin'ny herintaona, fa tamin'ny volana Jona ka hatramin'ny Desambra 1974 ny fiangonana tao Oradea dia nanao batisa olona vaovao niova fo maherin'ny 250. Teo amin'ny faramparan'ny efa-taona dia nitombo avo roa heny ny fiangonan'i Pasitora Stefana.

Araka ny voalazan'ny tantara, dia tsy ho voafehy tao amin'ity fiangonana iray ity ihany ny fifohazam-panahy fa nitohy sy niely, niantraika tamin'ny vondrom-piarahamonina kristiana iray manontolo tao Romania. Raha ny marina dia inoan'ny maro fa io afon'ny fifohazana io sy ny fanamafisana ny vavaka ary ny fivelomana amin'ny Teny no nahatonga ny fanonganana ny fitondrana Ceausescu dimy ambin'ny folo taona taty aoriana. (Tantara nalaina avy tamin'ny boky vaovaon'i Melody Mason, *Daring to Live by Every Word: Loving God with Heart, Body, Mind and Soul* - Sahy miaina amin'ny Teny rehetra: Tia an'Andriamanitra amin'ny Fo, Tena, Saina ary Fanahy. Namboarina avy tamin'ny *Holiness* – Fahamasinana nosoratan'i Nancy Leigh DeMoss.)

Rehefa misaintsaina an'ity tantara ity aho dia tsy haiko ny tsy hieritreritra ireto teny avy amin'i Ellen White ireto:

> “Ny fifohazana amin'ny tena toe-panahy araka an'Andriamanitra eo anivontsika no lehibe indrindra sy maika indrindra amin'ny filantsika rehetra. Ny fikatsahana izany no tokony ho asantsika voalohany. Tonga ny fotoana tokony hisian'ny fanavaozana tanteraka. Rehefa manomboka io fanavaozana io dia hanetsika ny mpino rehetra ny fanahin'ny vavaka, ary handroaka tsy ho ao am-piangonana ny fanahin'ny tsy fifanarahana sy ny fifandirana » (Christian Service, pp. 41, 42).

Tsarovy fa mijery an'ireo rehetra milaza ny tenany ho Kristiana izao tontolo izao ary maneso ny ezaka ataontsika eo amin'ny fifohazana izy ireo. Ihomehezany ny fanambarantsika ny fanarahana an'i Kristy izay tsy mitondra afa-tsy fanahafana kely Azy fotsiny eo amin'ny fiainana. Mandritra izany fotoana izany dia mivavaka hatrany isika mba hibebahan'ireo mpaneso ireo. Ahoana moa raha *isika, Kristiana, no mila mibebaka*?

Tao amin'ny bokiny *Holiness* - Fahamasinana, i Nancy Leigh DeMoss dia nanoratra hoe: "Niandry an'izao tontolo izao ny fiangonana mba hifandrindra amin'Andriamanitra. Rahoviana isika no hahatsapa fa miandry ny fiangonana izao tontolo izao mba hifandrindra amin'Andriamanitra ? ” (Nancy Leigh DeMoss, *Holiness*, p. 176).

Nanoratra momba ny fifohazana lehibe tany Romania koa izy nanao hoe:

> "Amin'ny ankamaroan'ny fiangonantsika, dia manisy mafy ny tenantsika isika miezaka mba 'ho araka ny tokony ho izy' mba hahafahantsika manintona mambra vaovao. Tsy te hiseho ho hafa isika, na toy ny mandray an-tendrony, na ara-panahy loatra, noho ny tahotra sao mampihemotra ny tsy mpino. Mifanohitra amin'izany anefa, rehefa vonona ny tsy hitovy amin'izao tontolo izao ny fiangonana tao Oradea, ireo tena tsy mpino izay naneso azy ireo teo taloha dia voasintona tsy nisy fandavana ho an'i Kristy. Nifandrindra tamin'izao tontolo izao isika fa tsy niantso an'izao tontolo izao hifandrindra amin'i Kristy. Rahoviana isika no hahatsapa fa izao tontolo izao dia tsy resy lahatra amin'ny endrika ara-pivavahana fotsiny? ” (Ibid., P. 160)

Raha manao fanamarihana momba an'io tsy fahampiana ara-panahy manelingelina eo amin'ny fivavahana kristianina moderina io izy dia mbola naneho hevitra ihany koa manao hoe: “Ny marina, raha tsy manova ny fomba fiainany ny olona dia tsy mibebaka. Ary raha tsy mibebaka isika, dia tsy misy dikany ny hira sy ny fiderana ary ny fivavahana sy ny famokarana rehetra ataontsika - angamba ratsy kokoa noho ny tsy misy dikany, satria ny tabataba sy ny hetsika rehetra ataontsika dia mety hamitaka antsika hihevitra fa ao tsara isika ary tena miaina fifohazana ”(Ibid., p. 161), kanefa tsy izany no izy! Fotoana izao tokony hiainantsika ny fifohazana marina izay mitondra fiovana avy ao anaty mankeo ivelany.

Milaza amintsika ny teny avy amin’ny tsindrimandry fa, “Rehefa afa-po amin’ny zavatra madinika ny fiangonana dia tsy ho afaka handray ny zavatra lehibe avy amin’Andriamanitra” - (*Review and Herald*, May 19, 1904). Moa ve isika afa-po amin’ny zavatra madinika ? Moa ve isika faly fotsiny amin’ny fanandramana ivelambelany sy ny fitahiana ivelambelany ?

Araka ny voalaza amintsika matetika hoe: "Rehefa manao asa ny olona dia ny olona no miasa fa rehefa mivavaka ny olona dia Andriamanitra no miasa." Alohan'ny hanaovan' Andriamanitra izay tena iriny indrindra hatao, alohan'ny hitrangan’io firotsahan’ny Fanahy Masina lehibe antenaintsika fatratra izay nangatahintsikatamim-bavaka nandritra ny taona maro io, dia mila fanandramana lalina kokoa miaraka amin'Andriamanitra isika. Mila fanoloran-tena lalina kokoa sy bebe kokoa hatrany koa isika.

Toy izao no soratan’ i Ellen White:

> "Afaka manao zavatra bebe kokoa ao anatin'ny ora iray ny Tompo mihoatra noho izay vitantsika mandritra ny androm-piainantsika manontolo; ary rehefa hitany fa manolo-tena *tanteraka* ny olony, dia mamelà ahy hilaza aminareo fa asa lehibe no ho vita ao anatin’ny fotoana fohy, ary ny hafatry ny fahamarinana dia ho tonga any amin'ny toerana maizina eto an-tany, teo amin’izay tsy mbola nitoriana izany ” (*Sermons and Talks, vol. 1, p. 307*)

Raha "manolo-tena tanteraka" no fanalahidin'Andriamanitra hanaovany asa mahery vaika izay hahatratra ny toerana maizina indrindra eto amin'izao tontolo izao misy antsika, inona no misakana antsika tsy hanolo-tena tanteraka?

## Mandositra Ny Endriky Ny Toe-Panahy Araka An’andriamanitra

Taona maromaro lasa izay, tany Congo, dia nisy mpihira fanta-daza. Tena nalaza sy mamim-bahoaka izy. Nefa nokasihin'ny Tompo ny fony ary natolony an'i Kristy ny fiainany. Nanaitra sy nanafintohina azy ny zavatra hitany tao am-piangonana. Raha ny marina dia nanoratra hira iray momba ny zavatra niainany izy. Ny hirany, "*Confusion on Confusion*," dia nilazalaza zavatra toy izao: “Teo amin'izao tontolo izao aho ary leo an'izao tontolo izao. Ary misy zavatra ratsy maro any. Ka dia nihazakazaka nankany amin'ny fiangonana aho mba hanana fiarovana sy fialan-tsasatra. Fa rehefa tonga tao am-piangonana aho dia nalahelo satria hitako fa izao tontolo izao koa dia efa tonga nonina tao am-piangonana.”

Nihevitra izy fa rehefa lasa Kristiana dia ho afa-mandositra an'izao tontolo izao amin'ny fankanesana any am-piangonana, nefa nahita an'izao tontolo izao tao am-piangonana izy. Mampalahelo fa matetika loatra izany no hitantsika ankehitriny.

> “Betsaka no milaza ny tenany ho kristiana, dia olona mpananatranatra ny amin’ny laàn’ny ara-pitondrantena fotsiny. Nolaviny ny fanomezana izay hany nahatonga azy hanome voninahitra an'i Kristy amin'ny fanehoana Azy eo amin'izao tontolo izao. Asa hafa aminy ny asan'ny Fanahy Masina. Tsy mankato ny Teny izy. Ireo foto-kevitry ny lanitra izay mampiavaka an’ireo izay iray amin'i Kristy sy ireo izay iray amin'izao tontolo izao dia manjary saiky tsy hita misongadina intsony. Ireo izay milaza ny tenany ho mpanaraka an'i Kristy dia tsy vahoaka misaraka sy manokana intsony. Tsymazava ny faritra mampisaraka azy. Milefitra eo ambanin’izao tontoloizao ny olona eo amin'ny fanaony, eo amin’ny fahazarany, eo amin’ny fitiavan-tenany. Manaraka izao tontolo izao ny fiangonana amin’ny fandikana ny lalàna, nefa izao tontolo izao no tokony hanatona ny fiangonana eo amin'ny fankatoavana ny lalàna. Voaova fo isan’andro hanaraka izao tontoloizao ny fiangonana" (HF, 277).

Ellen White, raha niresaka tamin'ny fiangonana nandritra ny faramparan'ny taona 1800, dia nanao fanambarana manaitra fa TSY MISY IRAY ao anatin'ny roapolo izay voasoratra anarana ao amin'ny rejistry ny fiangonana no vonona ny hampitsahatra ny tantarany eto an-tany. Raha ny marina dia nilaza izy fa raha manao izany izy ireo dia maro no hahita ny tenany tsy misy antenaina ary tsy misy Andriamanitra, toy ny mpanota rehetra (*Christian Service, p. 41*).

Raha toy izany ny ankamaroan’ny olona tao am-piangonana tamin'ny taona 1800, manao ahoana ny ho tantarantsika ankehitriny? Eny, mampalahelo, nefa lazaina amintsika fa ny fivavahana mamim-bahoaka indrindra amin'ny andro farany dia ny *fivavahana ara-pomba fotsiny*.

Hoy ny Baiboly amintsika:

> “Fa aoka ho fantatrareo, fa any am-parany any, dia hisy andro mahory: fa ny olona ho tia tena, ho tia vola, ho mpandoka tena, mpiavonavona, miteny ratsy, tsy manoa ray sy reny, tsy misaotra, tsy manaja izay masina, tsy manam-pitiavana, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po, lozabe, tsy tia ny tsara, mpamadika, kirina, mpieboebo, tia ny fahafinaretana mihoatra ny fitiavany an’Andriamanitra, *manana ny endriky ny toe-panahy araka an 'Andriamanitra nefa mandà ny heriny*. Ireny koa dia halaviro! " (2 Tim. 3: 1-5)

Toa famaritana tonga lafatra ny amin'ny tontolo misy antsika ankehitriny izany!

Raha niresaka momba ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo tamin'ny androny i Jesosy dia nilaza hoe: “Ity firenena ity manaja Ahy amin'ny molony, fa ny fony kosa lavitra ahy. ”(Mat. 15: 8).

Mora ny manondro amin’ny fanondron’ny fanamelohana ireo mpanora-dalàna sy Fariseo. Izy ireo rahateo moa nanombo an’i Jesosy tamin'ny hazofijaliana. Na izany aza, Ellen White dia nanoratra hoe: "Ny endrika ivelany eo amin’ny fivavahana no ankasitrahan’ny olona tsy niova fo, toy ny tamin'ny andron'ireo mpampianatra teo amin’ny Jiosy” (VM, 338).

Na dia mety afaka hamita-tena amin'ny fotoana sasany aza isika, ary mety afaka hamitaka ny hafa matetika, dia tsy afaka hamitaka an Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra. Raha tena

tiantsika ny hahita ny vavaka ataontsika ho voavaly ary tena maniry ny handrotsahana ny Fanahy Masina isika, dia tsy maintsy hangataka amin'Andriamanitra isika hanova ny fontsika ary hanao antsika ho olom-baovao ao Aminy.

## Fotoana Hifadiana Hanina Sy Hivavahana

Ao amin'ny bokin'i Joela, dia mahita firenena iray anaty fahoriana be isika, tahaka izay iainantsika ankehitriny. Vokatr'io fahoriana io dia niantso fivoriambe manetriketrika ireo mpitarika ara-panahy ary namory ny vahoaka mba hifady hanina sy hivavaka. Izao no vakintsika: " Eo anelanelan'ny lavarangana fidirana sy ny alitara no aoka hitomanian'ny mpisorona mpanao fanompoam-pivavahana ho an'i Jehovah , ka hanao hoe: 'Iantrao ny olonao, Jehovah o! ary aza avela ho latsa ny lovanao, ka ho tapahin'ny jentilisa '" (Joela 2:17).

Inona no ho vokatr'izany fotoana fifadian-kanina, sy fitalahoana ary fanelanelanana iombonana izany? Hoy ny mpaminany Joela manohy:

> "Ary Jehovah dia saro-piaro ny taniny sady niantra ny olony. Eny, Jehovah namaly ka nanao hoe: 'Indro, hanatitra ny divay sy ny ranomboaloboka ary diloilo ho anareo Aho, ka ho vokin'izany ianareo; ary tsy havelako ho latsa any amin'ny jentilisa intsony ianareo. . . . Ary honerako ho anareo ilay taona nohanin'ny valala, dia ny koraika sy nysompanga ary ny kijeja, izay miaramilako betsaka nalefako hamely anareo. Aokahihinana ianareo ka ho voky dia hidera ny anaran'i Jehovah Andriamanitrareo, fa mahagaga ny fitondrany anareo; ary tsy ho menatra mandrakizay ny oloko '" (Joela 2:18, 19, 25, 26).

Saingy tsy izany ihany no zavatra hitranga. Amin'ny andininy vitsivitsy aorian'io dia mamaky momba ny firotsahana ara-panahy lehibe izay hitranga isika. "Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho; dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahi-antitrareo hanonofy aryny zatovonareo hahita fahitana. Ary na dia ny mpanompolahy sy ny mpanompovavy aza dia handatsahako ny Fanahiko amin'izany andro izany. "(Joela 3:1, 2).

Manoratra i Ellen White manao hoe,

> "Raha tanteraka tamin'ny ampahany kely tamin'ny andron'ny apostoly ity faminanian'i Joela ity dia miaina amin'ny fotoana tokony hisehoan'izany miharihary amin'ny olon'Andriamanitra isika. Hanome ny Fanahiny amin'ny olony tokoa Izy ka ho tonga fahazavana eo anivon'ny haizina ara-pitondran-tena izy ireo ; ary hisy fahazavana lehibe ho hita taratra amin'ny faritra rehetra amin'izao tontolo izao. O! Enga anie ka hampitomboina ny finoantsika mba hiasan'ny Tompo amin'ny fomba mahery vaika amin'ny vahoakany "(*Manuscript 49, 1908*).

Nilaza ny Pasitora Mark Finley fa talanjona izy mivady taona vitsivitsy lasa izay rehefa nanatrika ny fiangonana Shenyang any Shina (avaratr'i Korea Avaratra) izy ireo. Ity fiangonana ity dia anisan'ireo Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao ankehitriny. Tamin'ny fotoana nitsidihan'izy ireo, dia efa maherin'ny 6000 ny mambra. Tsy mampino izany, indrindra fa ny fiangonana ihany no

nanomboka tamin’ny mambra sivy fotsiny. Avy eo dia niteraka zana-piangonana miisa 300 maheryizay misy mambra 50 ka hatramin'ny zato isaky ny fiangonana.

Rehefa niangavy tamin'ny pasitora teo an-toerana i Pasitora Finley hanazava ny tsiambaratelo momba ny fitomboana mahagaga nataon'izy ireo, dia izao no nolazaina azy: "Vavaka izany! Mivory isa-maraina izahay manomboka amin'ny 4:30 maraina ka hatramin'ny 6 maraina hivavaka. Ary misy 150 eo ho eo isan'andro ny olona tonga amin'izany fivoriam-bavaka izany. Ireo fotoam-bavaka ireo no namaha ny herin 'Andriamanitra ho amin'ny fitomboana sy ny fifohazana. Mivory maraina be izahay satria mpiasa matihanina daholoreo ny olona, ary ny sasany amin'izy ireo aza dia reny manan-janaka ho karakaraina. Tonga izy ireo hivavaka alohan'ny hanombohany ny andraikiny amin'ny tontolo andro ” (tantara naverina notaterina tao amin'ny *Minisitry,* Aog. 2019, p. 13).

J. Edwin Orr, mpahay tantara momba ny fifohazana manerantany dia nanoratra indray mandeha nanao hoe: “Tsy misy fifohazana ara-panahy lehibe natomboka na taiza na taiza eran'izao tontolo izao ka tsy nisy vavaka niombonana - mivavaka tsy tapaka ho an'ny fifohazam-panahy ny kristiana ” (J. Oswald Sanders, Prayer Power Unlimited, p. 120).

Aoka isika hanararaotra ny fanomezana nomena antsika, dia ny tombontsoan'ny vavaka isam-batan’olona sy iombonana. Nampanantenaina isika fa: “Rehefa misokatra ny làlana ho an'ny Fanahin'Andriamanitra, dia ho tonga ny fitahiana. Satana dia tsy afaka misakana ny ranonoran’ny fitahiana tsy hirotsaka amin'ny vahoakan'Andriamanitra, dia tahaka ny tsy ahazoany manidy ny varavaran'ny lanitra tsy hirotsahan’ny orana amin'ny tany ”(*Selected Messages, vol. 1, p. 124).*

## Maniry Fatratra Ny Hiasan'andriamanitra

Manerana an'izao tontolo izao dia miasa Andriamanitra. Ary ny fiangonana, ny fiaraha-monina, ny fianakaviana ary ny isam-batan'olona dia mamikitra mafy amin’ny hery mahafinaritrin’ny vavaka. Fa ahoana ny amintsika? Mba mikatsaka ny fitahian 'Andriamanitra koa ve isika? Tena mangetaheta tokoa ny hahita ny firotsahan’ny Fanahy Masina ve isika? Tena maniry fatratra ny fifohazan’ny tena manokana ankehitriny ve isika? Moa ve isika maniry amim-pamoizam-po hiala amin'ny fahazarana maharenoka ka hiombona vavaka amin’ireo rahalahy sy anabavy?

Nisy lehilahy iray nanontany ny pasitorany hoe inona no hatao mba hisian’ny fifohazanna marina avy amin’ny Fanahy Masina eo amin’ny fiainany sy ny asa fanompoany. Nanazava ny pasitora fa mila manao batisa an'io lehilahy io izy mba hanehoany azy. Nihevitra ilay lehilahy fa somary hafahafa ihany izany, saingy nanaiky izy, ka dia niroso tamin'ny fanaovana batisa.

Rehefa niditra tao anaty batistera izy ireo, dia notampenan'ny pasitora ny oron'ilay lehilahy ary nampandriany moramora tao anaty rano izy, toy ny mahazatra. Kanefa tsy nanainga ilay lehilahy avy hatrany ny pasitora fa nanohy nitazona azy tao anaty rano. Ilay lehilahy, rehefa tsy nahazo antoka ny zavatra nitranga, dia nanomboka nihetsiketsika, kanefa mafy ny fihazonan'ny pasitora azy. Rehefa afaka fotoana vitsivitsy dia raiki-tahotra ilay lehilahy, ary nieritreritra fa angamba nitady hamono azy ao anaty rano ilay pasitora, ka dia nanomboka

niady mafy niezaka ny ho afaka izy. Tamin'izay fotoana izay dia nakarin'ny pasitora avy ao anaty rano izy.

Hita fa nihetsi-po fatratra izy ary mila tsy ho afaka niaina ka niteny hoe : "Fa inona loatra re no nezahinao hatao? Te-hamono ahy ao anaty rano ve ianao? " Tamim-pahatoniana, dia hoy ny navalin'ilay pasitora: *"Rehefa maniry fatratra fifohazana ianao tahaka ny nilanao rivotra hiainana teo, dia handefa fifohazana ny Tompo. "*

Hoy i Jeremia amintsika: "Ary hitady Ahy ianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra." (Jer. 29:13). Ary ao amin'ny Joela isika dia mamaky hoe : "Ary ny fonareo no triatriaro fa aza ny fitafianareo ; ary miverena amin'i Jehovah Andriamanitrareo, fa mamindra fo sy miantra Izy, mahari-po sady be famindrampo; ary manenina ny amin'ny loza" (Joela 2:13).

Ao amin'ny Genesis 26 dia mamaky isika fa tsy maintsy nihady indray ireo lavaka fantsakana nataon-drainy i Isaka, rehefa nanara-dia an'Andriamanitra, satria tonga ny Filistina ka nototofany ireny taorian'ny nahafatesan'i Abrahama. Ary toy izany koa ankehitriny, amin'ny lafiny ara-panahy. Ankehitriny dia mila mihady indray ny lavaka fantsakantsika isam-batan'olona sy ny fantsakana iombonana isika amin'ny maha fiangonana antsika. Raha mbola natory isika, dia nofenoin'ny fahavalo *ny zavatry ny tany* eto amin'izao tontolo izao ny loharanontsika ara-panahy. Tsy maintsy esorina ireny *zavatry ny tany* ireny mba hahazoan'ny ranon'aina avy amin'ny Raintsika hikoriana malalaka indray.

Nanoratra i Ellen White:

> "Aza mitaredretra. Aza mangataka andro hamelana ny fahotanao sy ny hitadiavanao ny fahadiovam-po ao amin'i Jesosy. Amin'ny toy itony indrindra no nahadiso olona arivoarivo, ka nahavery azy mandrakizay. Tsy dia ho lazaiko be loatra eto ny hafohy sy ny tsy ahazoana antoka ny fiainana – kanefa aoka ho fantatsika fa misy loza mahatsiravina, dia loza tsy fantatra akory – mety hiseho raha misy mangataka andro amin'ny fiantsoana feno fitarainan'ny Fanahy Masin 'Andriamanitra, fa tena fanapahan-kevitra hivelona amin'ny fahotana ny hatak'andro toy izany. Na toy inona na toy inona hakelezan'ny fisehon'ny fahotana, dia tena mampidi-doza mihitsy ny tsy fanalana azy. Izay tsy resintsika dia handresy antsika,ka hanjary fiasana hahavery antsika " (DHK, p. 38, 39).

Tsy manana 2000 taona hafa intsony isika amin'ny maha-fiangonana antsika hahalalana ny fomba hanatanterahana ilay iraka lehibe izay nomena antsika. Mety tsy hanana 100 taona hafa akory isika raha mijery ireo famantarana iainantsika. Efa ho tapitra ny fotoana. Ho avy tsy ho ela i Jesosy. Ary ny hafatry ny filazantsara dia tsy maintsy mandeha amin'izao tontolo izao. Fa alohan'ny handrotsahana ny Fanahy Masina dia tsy maintsy esorina ny fihamboana rehetra. Tsy maintsy manolo-tena *manokana* isika. Rehefa izany dia azontsika an-tsaina fotsiny izay hitranga!

> "Tsy nanidy ny fitehirizan-dranon'ny lanitra akory ny Tompo rehefa avy nandrotsaka ny Fanahiny tamin'ireo mpianatra voalohany. Isika koa dia afaka hahazo ny fahafenoan'ny fitahiany. Ny lanitra dia feno ny haren'ny fahasoavany, ary ireo izay manatona an'Andriamanitra amin'ny finoana dia afaka mitaky izay rehetra nampanantenainy. Raha tsy manana ny heriny isika dia noho ny torimasontsika ara-panahy, ny tsy firaihantsika, tsy fahalainantsika. Andeha hivoaka hiala amin'ity

> fombafomba [fivavahana ara-pomba] ity sy ny fahafatesana. Misy asa lehibe tokony hatao ho an’izao fotoana izao, ary tsy tsapantsika eo amin’ny antsasany akory izay zavatra tian'ny Tompo hatao ho an'ny olony ” (*Review and Herald, 4 Jona 1889*).

Azonao ve ilay fehezan-teny farany? “*Tsy tsapantsika eo amin’ny antsasany* akory izay zavatra tian'ny Tompo hatao ho an'ny olony!” Ny filazantsara dia mbola manana ny hery mitovy amin’izay nananany tamin'ny andro apostolika ihany. Andriamanitra dia tsy miova. Tsy niova ny teny fikasany. Nomeny antsika ny fanalahidy ilaintsika hahombiazana. *Fa miandry antsika Izy!*

> «Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny ”(2 Tan. 7:14).

Raha raisintsika amin'ny Teniny Andriamanitra, raha manetry tena sy mitady marina ny tavany isika ary mivavaka, mibebaka ny amin'ny fahotantsika, dia tsy azon’ny lanitra hazonina ny fitahiana izay harotsaka ho antsika !

*[Asao ny olona hanatrika ny fotoam-bavaka tolakandro!*]

# LESONA AVY AMIN'NY VIRIJINA HENDRY SY ADALA

(Miomana Hanaisotra ny Faharavana Ara-panahy)

Alohan'ny hanombohantsika izao tolak'andron'ny vavaka manokana izao dia mila maka fotoana fohy isika handinihana ny tantaran'ireo virijina hendry sy adala. Ny vakiteny manaraka eto dia nalaina tao amin'ny *Henoinareo ny Fanoharana*, *toko faha-29, "Mitsena ny Mpampakatra."*

Mipetraka miaraka amin'ny mpianany eo amin'ny Tendrombohitra Oliva Kristy. Efa nilentika any ambadiky ny tendrombohitra ny masoandro, ary manarona ny vohon'ny lanitra ny aloky ny aizina.

Ery amin'ny talaki-maso dia misy tranon'olona mazava mamirapiratra toy ny hisy firavoravoana. Miparasaka avy eo amin'ny varavaran-kely ny fahazavana, ary misy olona manodidina toa miandry dia miandry, koa manambara izany fa tsy ho ela dia ho avy ny mpanambady sy ny mpanaraka azy. Ny hariva no fanaovana ny koranam-panambadiana any amin'ny toerana maro any atsinanana. Mandeha mitsena an-dravehivavy ny mpampakatra ka mitondra azy ho any an-tokantranony. Ny fahazavan'ny fanilo no ivoahan-drazazavavy sy ny mpanaraka azy miala avy ao an-tranon-drainy mankany amin'ny tranon-drazazalahy, ary ao no hisy ny fanasana nomanina ho an'ny vahiny nantsoina. Amin'izay notazanin'i Kristy eto dia indry tokoa misy antokon'olona miandry ny hisehoan'ny ampakarina sy ny mpanotrona, fa mikasa hiaraka amin'izy ireo.
.
Somary miandriandry akaikin'ny tranon'ny ampakarina ny zazavavy folo miakanjo fotsy, samy mitondra fanilo mirehitra sy tavoaran-tsolika kely avy isan'olona. Mitaintaina miandry ny fihavian'ny mpampakatra izy rehetra Naharitra ela anefa izy. Nony afaka ora vitsivitsy dia sasatra izy ireo ka resin-tory. Nisy antso re nony mamatonalina hoe: "Indry tamy ny mpampakatra! Mivoaha hitsena azy." Taitra tampoka ireo tovovavy ka tafatsangana. Mahita ny mpilahatra mandroso izy, hazavain'ny fanilo ary ravoravo amin'ny zava-maneno. Reny ny feon'ny mpampakatra sy ny feon'ny ampakarina. Nandray ny fanalany ireo virijina folo ary nanamboatra azy kaniolomay nanatratra ny mpilahatra. Nanao an-tsirambina anefa ny dimy fa tsy nameno ny tavoara keliny. Tsy nanampo fiandrasana ela toy izany izy ka tsy nanomana izay ilaina amin'izany.

Sahirana izy ireo ka nila vonjy tamin'ireo namany hendry kokoa noho izy kao manao hoe: " Mba omeo kely amin'ny solikareo izahay; fa efa ho faty ny fanalanay.Nefa vao nampidininy tao amin'ny fanalany ny solika fitaizan'ny dimy vavy. Tsy manana solika ambiny izy ka namaly hoe: "Tsia; sao tsy ampy ho anay sy ho anareo, fa mandehana mankany amin'ny mpivarotra, ka mividiana ho anareo. "

Fa raha mbola lasa nividy izy dia nandalo ny mpanambady sy ny mpanaraka azy. Nanaraka ny vahoaka izy dimy vavy nanana jiro nirehitra ary niditra tao an-trano niaraka tamin'ny mpanotrona ny ampakarina, dia narindrina ny varavarana. Rehefa tonga teo anoloan'ny trano fanasana ireo virjina adala, dia fandavana tsy nampoizina

no azony. Hoy ny tompon'ny fanasana hoe: “Tsy fantatro ianareo.” Tavela nijajirika tany ivelany izy ireo, tao an-dàlana mangina, tao amin'ny aizin’ny alina.

Raha nipetraka nitazana an’ireo mpiandry ny mpampakatra i Kristy dia nolazainy tamin'ny mpianany fa ny tantaran'ny virijina folo dia mampiseho ny fanandramana ataon'ny fiangonana velona mialoha indrindra ny fiaviany fanindroany.

Ireo antokon’ny virjina roa dia mampiseho antokon’olona roa izay milaza fa miandry ny Tompony. Lazaina fa virijina izy rehetra satria manana finoana madio. Ny fanilony dia mampiseho ny Tenin 'Andriamanitra. Hoy ny mpanao salamo: "Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny làlako ny teninao." Salamo 119: 105. Tandindon'ny Fanahy Masina ny solika. . .  “Tsy amin-kery, na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah Tompon'ny maro. . . " Zakaria 4: 6.

. . . Samy nivoaka hitsena ny mpampakatra ny virijiny folo ao amin'ny fanoharana. Samy nanana fanala sy fitondrana solika izy rehetra. Nisy fotoana tsy nahitana fahasamihafana tamin'ireo tovovavy ireo. Toy izany ny fiangonana velona mialoha indrindra ny fiavian'i Kristy fanindroany. Manana ny fahalalana ny Soratra Masina ny kristiana rehetra, nandre ny hafatra momba ny fahakekezan’ny fiverenan'i Kristy izy rehetra, ary niandry ny fisehoany tamim-pahatokiana. Nefa sahala amin'ny eto amin’ny fanoharana, dia toy izany koa ankehitriny. Misy fotoana fiandrasana tafatsofoka eto ka voasedra ny finoan’ny tsirairay; ary rehefa re ny antsoantso hoe: “Indry, ny Mpampakatra; mivoaha mba hitsena Azy ” dia betsaka no tsy vonona. Tsy manana solika ao amin’ny fitondrana miaraka amin'ny fanalanyizy. Tsy manana ny Fanahy Masina izy.

Raha tsy eo ny Fanahin'Andriamanitra dia tsy misy tombon-tsoa ny fahalalana ny teniny. Tsy afaka hampahatanjaka ny fanahy na hanamasina ny fo ny fampianarana fotsiny momba ny fahamarinana tsy arahin'ny Fanahy Masina. Misy olona mety hifankazatra amin’ireo làlana sy ireo teny fikasana ao amin’ny Baiboly; nefa raha tsy ny Fanahin 'Andriamanitra no mampiorim-paka ao am-po ny fahamarinana, dia tsy ho voaova ny toetra. Raha tsy noho ny fahazavana avy amin'ny Fanahy dia tsy ho hain'ny olona ny manavaka ny marina sy ny diso ka ho lavo amin'ny fakam-panahy mahery alefan'i Satana izy.

Tsy mpihatsaravelatsihy akory ny antokon'olona asehon’ny virijina adala. Mba nihevitra ny fahamarinana izy, niady ho an’ny fahamarinana izy, voasarika ho eo amin’ireo izay mino ny fahamarinana izy; nefa tsy nampilefitra ny tenany hiasan'ny Fanahy Masina. Tsy potraka teo amin'Ilay Vatolampy dia Jesosy Kristy izy, ka tsy namela ilay olona taloha ho torotoro. Asehon’ny mpihaino eo amin’ny tany marivo ambony vatolampy koa ioantokon’olona io. Nandray ny teny tamin-jotom-po izy, nefa tsy mba nandray ho an’ny tenany mihitsy ny foto-kevitra voafono ao anatiny. Noho izany dia tsy mitoetra ny hery miafinaavy amin’izany teny izany. Miasa amin’ny fon'ny olona ny Fanahy arakaraka ny faniriany sy ny fanekeny hampitoetra fiainam-baovao ao aminy; nefa ity antokon’olona asehon'ny virijina adala ity dia afa-po fotsiny tamin'ny asa ivelambelany. Tsy tena mahalala an’Andriamanitra izy. Tsy nandinika ny toetrany izy; tsy nanana firaisana maharitra taminy izy; noho izany dia tsy hainy ny matoky, tsy hainy ny mijery mba ho velona. Manjary fomba ivelany ny fanompoany an'Andriamanitra. “Dia mankao aminao tahaka ny fihavin 'ny olona izy, ka mipetraka eo anatrehanao toa oloko ary mahare ny teninao, nefa tsy mety mankatò

azy; fa indro teny mamy nolazain'ny vavany nefa ny fony dia lasa manaraka ny filankarena” Ezekiela 33:31. Tondroin'ny apostoly Paoly fa toetra mampiavaka ireo izay velona Mialoha indrindra ny fiavian'i Kristy fanindroany izany. Hoy izy: “Any amparany any hisy andro mahory: fa ny olona ho tia tena; . . . tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavany an'Andriamanitra; manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny heriny. " 2 Timoty 3: 1-5.

Io antokon’olona io no hita miantsoantso hoe “Miadana sy mandry fahizay!”. Mandrotsiritsy ny fony amin’ny fiadanana izy ka tsy manampo loza. Rehefa taitra tampoka amin’izany torimaso izany izy dia mahatsapa fahantrana mafy ary mitalaho amin’ny hafa izy hameno ny banga eo aminy; nefa eo amin'ny ara-panahy dia tsy misy olona afaka manonitra ny tsy fahampian'ny hafa. Nomena maimaim-poana ho an'ny fanahy tsirairay ny fahasoavan'Andriamanitra. Notorina ny hafatry ny filazantsara manao hoe: “Aoka ho avy izay mangetaheta ary izay mety aoka izy hisotro maimaimpoana amin'ny ranon'aina." Apôk. 22:17. Tsy azo afindra anefa ny toetra amam-panahy. Tsy misy olona afaka mino ho an’ny hafa. Tsy misy olona afaka handray ny Fanahy ho an'ny hafa. Tsy misy olona afaka hizara ny toetra amampanahy izay vokatry ny asan’ny Fanahy : “Na dia eo aza Noa sy Daniela, ary Joba, raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, dia tsy hahavonjy ny zananilahy na ny zananivavy ireo; fa ny tenany ihany no ho voavonjin’ny fahamarinany. ” Ezekiela 14:20.

Eo amin’ny zava-tsarotra no tena isehoan'ny toetra amam-panahy. Rehefa niantso mafy ilay feo tamin'ny mamatonalina hoe: “Indry ny mpampakatra; mivoaha mba hitsena azy ” ka nitsangana avy tamin'ny torimasony ireo virjina sondrian-tory, dia nisy hita fa nanao ny fiomanana ilaina ho amin’izany toe-javatra izany. Samy tsy nanampo ny andaniny sy ny ankilany; ny andaniny anefa vonona hiatrika ny tampoka, ary ny ankilany kosa tsy nahitana fiomanana. Toy izany ankehitriny, ny loza tampoka sy tsy ampoizina, ny zavatra izay mampifanatrika ny fanahy amin'ny fahafatesana no hampiseho ny fananana finoana marina ny teny fikasan’Andriamanitra. Hampiseho izany raha tohanan'ny Fanahin’Andriamanitra ny fanahintsika na tsia. Eo amin'ny fiafaran'ny fitsarana ny olombelona nohisy ilay fisedrana lehibe farany, amin’izay dia ho diso aoriana loatra ny hikarakarana izay ilain'ny fanahy.

Eo am-piandrasana ireo virijina folo, amin’izao harivarivan'ny tantaran'ity tany ity izao. Samy milaza ny tenany ho Kristiana izy rehetra. Samy mahazo fiantsoana, samy manana ny anarana, ny fanilo ary izy rehetra dia samy milaza ho manompo an'Andriamanitra. Rah any fijery dia toa samy miandry ny fisehoan'i Kristy izy rehetra. Nefa tsy vonona ny dimy. Hisy dimy ho taitr sady fadiranovana fa tavela any ivelan’ny trano fanasana. (*Ellen G. White, HF, toko 29*).

Vakiteny mahonena ity, saingy mila ampahatsiahivina izany isika satria miaina ao amin'ny fotoana mahonena. Ao amin'ny Isaia 58 dia ampianarina ny vahoakan'Andriamanitra hoe: "Ary izay taranakao no hanangana ny efa rava ela; ary ny naorina hatry ny fahagola no hamboarinao; ary ianao dia hatao hoe mpanamboatra ny rava, mpamelon-dàlana honenana amin’ny tany. ”(Isa. 58:12).

Ahoana no fomba hahatonga antsika amin’ny fomba azo tsapain-tànana ho mpanamboatra ny rava amin'ny fiangonana, na ho an'ireo havantsika very izay tsy mahalala an'i Jesosy?

Manomboka amin'ny fangatahana amin'Andriamanitra isika mba hanamboatra ny rava eo amin’ny ara-panahintsika, satria tsy afaka mijoro ho matanjaka ho an'ny hafa isika raha misy ota sy marimaritra iraisana eo amin'ny fiainantsika. Fa raha avelantsika Andriamanitra handinika ny fontsika ary hanadio ireo zavatra izay misakana ny fitahiany, dia alaivo an-tsaina hoe inona no hataony ho valin'ny vavaka ataontsika?

"Tsy misy zavatra atahoran'i Satana mafy toy ny hanadiovan’ny olon'Andriamanitra ny làlana amin'ny fanesorana ireo sakantsakana rehetra, mba hahazoan'ny Tompo mandrotsaka ny Fanahiny amin'ny fiangonana mihaosa" (*Selected Messages, vol. 1, p. 124*).

Ho fanombohana àry dia handany 30 na 60 minitra eo ho eo isika handinika ny fontsika samirery ary hivavaka. Makà fotoana miaraka amin'ny Baibolinao mba hamakiana am-bavaka ilay taratasy zaraina “Manaisotra  Ireo Faharavana Ara-panahy ”. Avelao ny Tompo handinika ny fonao. Ekeo izay ota rehetra entiny ao an-tsainao. Aorian'ity vavaka ataon'ny tena manokana ity dia hiara-hiverina isika ao anatin’ny fotoana iray hanao vavaka iombonana. Hiombom-bavaka isika mba hahazo fanasitranana sy fanafahana ara-panahy amin'ny maha-fiangonana antsika.

*[Fanamarihana ho an'ny mpitarika: Angamba tsara ny anambarana fotoana manokana hiverenana hihaonana amin'ny toerana misy ny vondrona, na ny fiverenanao ao amin'ny Zoom raha toa ka atao anaty Internet ny fivoriam-bavaka.]*

**Taratasy 1 ho an’ny Vavaka ataon’ny tena manokana**

## MANAISOTRA IREO FAHARAVANA ARA-PANAHY

Ary Tonga Mpanamboatra Ny Rava

Satria fantatsika fa ny fahavalo dia miezaka hampahalemy ny fiarovantsika ara-panahy, mba hahafahany mandresy antsika ary mihazona antsika tsy hahomby tanteraka amin'ny fanompoana an'Andriamanitra, dia tokony hangataka am-bavaka amin'ny Tompo isika mba handinika ny fontsika (Sal. 139: 23, 24). Hoy ny Baiboly amintsika: “Diniho ny tenanareo na mitoetra amin'ny finoana ianareo na tsia. Izahao toetra ny tenanareo ”(2 Kor. 13: 5).

> “Nefa mba ahitantsika famelan-keloka sy fiadanana dia tsy maintsy mahafantatra ny tenantsika isika, ary izany fahafantarana izany dia tokony hiteraka fibebahana . . . Izay mahalala ny tenany fa mpanota ihany no azon'i Kristy vonjena. . . . Tsy maintsy mahalala ny tena toetrantsika isika, raha tsy izany dia tsy ho tsapantsika ny maha-ilaina ny fanampian'i Kristy. Tsy maintsy fantatsika ny loza hihatra amintsika, raha tsy izany dia tsy handositra any amin'ny fialofana isika. Tsy maintsy tsapantsika ny fangirifirian'ny ratrantsika , raha tsy izany dia tsy haniry fanasitranana isika *”(HF, p. 131).*

Soa ihany ny Tenin’Andriamanitra fa manome fanantenana lehibe ho an’izay rehetra mandositra ao amin'i Jesosy ho fialofana. Izao no vakintsika ao amin'ny 1 Jaona 1: 9 : "Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra". Ary hoy ny Jaona 6:37 amintsika: "Izay manatona Ahy dia tsy holaviko mihitsy." Miandry fotsiny ny hamihina ny mpanota mibebaka eo an-tsandrim-pitiavany Andriamanitra! Ataovy ao an-tsainao hatrany izany rehefa mamaky am-bavaka ireto pejy manaraka ireto ianao.

Ao amin'ity taratasy zaraina ity dia ho hitanao ny lisitry ny faharavana ara-panahy mahazatra izay misakana ny firotsahan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika. Manentana anao izahay hanokana fotoana am-bavaka handinihana ity lisitra ity. Aza adino ny mijery ihany koa ireo teny fikasana voalaza ao. Rehefa mivavaka ianao dia anontanio ny Tompo raha misy faharavana ara-panahy hafa mety manakana ny dianao miaraka Aminy, zavatra izay mety tsy voasoratra eto. Raha mangataka amin-kitsim-po isika dia hasehony antsika izany.

Mampitandrina anao anefa izahay fa mety maharary indraindray ny fandinihana ny fo, nefa sorona mahafinaritra azontsika atolotra an Andriamanitra izany rehefa mangataka fanadiovana sy fanasitranana isika. "Ny fanatitra ho an'Andriamanitra dia fanahy torotoro ; ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba hataonao tsinontsinona" (Sal. 51:17).

Fantatsika ihany koa fa rehefa mifikitra amin'ny teny fikasany mba hahazoana fandresena ara-panahy isika dia hanome voninahitra ny Teniny Izy satria "Nanao antoka ny voninahitry ny seza fiandrianany ho fahatanterahana ny teniny tamintsika Izy" *(Henoinareo ny Fanoharana, p. 121*). Mahatoky ny Tenin’Andriamanitra ary hamonjy izay rehetra miantso Azy Izy (jereo Heb. 7:25).

*[Mampiasà kahie na ravin-taratasy fotsy ary soraty ireo zavatra andresen'Andriamanitra lahatra anao rehefa mamaky ireto faharavana manaraka ireto ianao. Manentana anao izahay mba hanaraka ireo dingana enina mankany amin'ny fahafahana*

*amin'ny faran'ity vakiteny ity. Ny faharavanao manokana dia tsy natao ho zaraina amin'ny hafa raha tsy ohatra ka mila mangataka famelana amin'ny olona iray ianao. Io dia toe-javatra eo aminao sy Andriamanitra ihany.]*

## FAHARAVANA MAHAZATRA IZAY MANAKANA NY FIROTSAHAN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIAINANTSIKA

***Fahotana tsy niaikena***: Izay zavatra ratsy rehetra nataontsika tamin'Andriamanitra, ny lalàny, ny tenantsika, na ny hafa ka tsy nalamintsika. (Hahamarika zavatra sasany mifanindry ianao amin'ireto sokajy manaraka ireto.)

- Teny fikasana ho an'ireo izay miaiky ny fahotany (1 Jao. 1: 9; 1 Kor. 15:57)

***Sampy***: Amin'ity tranga ity dia tsy miresaka momba ny "sary voasokitra" isika. Izay rehetra manelanelana antsika amin'Andriamanitra no resahina eto, na izay zavatra lasa manan-danja indrindra noho ny fifandraisantsika sy ny kalitaon'ny fotoana iarahantsika amin' Andriamanitra isan'andro. Raha manana "sampy" isika, dia matetika hikiky ny fifantohantsika ary ny fiainam-pieritreretantsika ankoatra ny hetsika na asa mahasalama hafa, ny filan'ny fianakaviana, na ny asa fanompoana. (*Fanamarihana: Na ny "fanompoana" aza dia mety ho lasa sampy raha toa ka mitoetra eo anelanelantsika sy ny fihazonana ny fifandraisana isan'andro amin'Andriamanitra!)*

- Teny fikasana ho an'ireo izay maniry ny hanary sampy (Ezek. 36: 25-27; Jer. 24: 7)

***Fiankinan-doha***: Ireo faharavana ireo dia mety hitovy amin'ny "sampintsika" na mety ho hafa mihitsy. Ny fiankinan-doha dia mety ho zavatra ara-batana na sakafo (toy ny siramamy), na fahazarana na hetsika tsy eritreretinao hoe hafoy: fifosana, fijerena fahitalavitra, tambajotra sosialy, pôrnôgrafia, na fifantohana. Fa raha Andriamanitra no natao ho Mpanjakan'ny fiainanao dia tsy maintsy Tompon'ny fiainanao Izy! *Raha ny marina, Izy no tsy maintsy fiankinan-dohanao.*

- Teny fikasana handresena ny fiankinan-doha (Lio. 18:27; Sal. 55: 16-18)

***Fisainana ratsy***: Ny fisainana ratsy dia mety ahitana ny fireharehana ny amin'ny zava-bitantsika sy ny zava-bita ara-panahy, ny avonavona sy fireharehana ny amin'ny talenta, ny avonavona sy fireharehana ny amin'ny fitarihantsika sy ny toerana misy antsika, ny fahamboniana noho ny hafa, ny fizahozahoana, ny fanamarinan-tena, ny fitiavan-tena, ny fitadiavana tena, ny fampiroboroboana ny tena, ny fitiavam-bola, ny filan-dratsy, ny fialonana, ny fitsiriritana, ny fieboeboana, ny fanahiana, ny fahasosorana, tsy fandeferana, ny fahatezerana, ny lolompo, ny tsy famelan-keloka, ny tsy fahafaham-po, ny tsy fankasitrahana, ny tahotra, ny fitarainana momba ny tena, ny fijerena lafy ratsin-javatra, ny fisalasalana ny amin'Andriamanitra, ny hakamoana ara-panahy sy ny tsy firaihana, ny tsy finoana, ny fankahalana, ny tsy fananana toe-tsaina azo alain-tahaka, tsy fanajana ireo manana fahefana, eritreritra sy faniriana tsy masina, ary fikatsahana ny an'ny tenantsika ihany fa tsy ny tombontsoan'ny hafa.

• Teny fikasana handresena ny sain-dratsy (Isa. 26: 3; Sal. 119: 165; Fil. 4: 8)

***Resaka tsy masina***: Mahalana no resahina ireo fanitsakitsahana ireo, nefa tena manjaka izany, na eo amin'ny fiainan'ireo milaza azy ho Kristiana aza. Mety tafiditra ao anatin'izany ny fifosana (na fifosana ara-panahy aza, eo am-panamarinana ny tenantsika fa mampandroso ny hafa isika), fanesoana, fitsikerana, fitenenan-dratsy, fitsaratsaram-poana, fitarainana, fimonomonona, fitantarana mihoa-pampana, lainga, filalaovana tsy mendrika, fiteny vetaveta sy maloto, tsy fanajana, fideran-tena ny fisalasalana amin'Andriamanitra na mpitarika, ary maro hafa. Hoy Andriamanitra amintsika: "Izay tsy mahafehy ny fanahiny dia toy ny tanàna rava tsy misy mànda" (Oha. 25:28).

• Teny fikasana handresena ny resadresaka tsy araka an'Andriamanitra (Isa. 6: 5-7; Efes. 4:22, 23, 29)

***Fihetsika tsy mendrika:***: ny sasany amin'ireny ffihetsika maneho faharavana ireny dia mety ho ara-dalàna eo amin'ny fiaraha-monina, nefa tsy eken'Andriamanitra. Ireo fihetsika ireo dia mety misy ny fampiroboroboana tena, fandokafan-tena, fanodikodinana, fanararaotana ny fahalemen'ny hafa, fanaovana hosoka, fisolokiana, fanararaotana ny fitokisan'ny hafa, tsy fanajana ny teny nataontsika, kamo amin'ny asa, fitiavam-bola, tsy fanarahana ny lalàna momba ny fahasalamana ary manao tsirambina ny fikarakarana ny vatantsika (tempolin' Andriamanitra), mangalatra, manao ambadika any aoriana, tsy manaja ireo manana fahefana, manimba ny toetran'ny hafa, mandany fotoana, mandany vola,  miditra trosa, mampiasa olona hahazo izay tadiavintsika, manantena fa tsy maintsy andrasana na sy tongotra, manandrana manaporofo hatrany fa marina isika, ary mpanohitra rehefa ahitsy isika.

• Teny fikasana handresena ny fitondran-tena tsy araka an'Andriamanitra (Rom. 12: 18-21; 1 Kor. 10:13)

***Fifandraisana tsy masina***: ny fifandraisana tsy masina fahita matetika dia avy amin’ny fifandraisana tsy araka ny tokony ho izy eo amin'ny lahy sy ny vavy, ny firaisana amin'ny mitovy fananahana izay tsy araka ny Baiboly, na ny fifankatiavana misy eo amin'ny mpino sy ny tsy mpino. Ny fijangajangana (fanitsakitsaham-bady) sy ny filan'ny nofo dia mety tafiditra amin'ity sokajy ity ihany koa.

• Teny fikasana fandresena amin'ny fifandraisana tsy araka an'Andriamanitra (2 Kor. 6:14; 1 Sam. 16: 7)

***Fiahiahiana izao tontolo izao***: ny tanjon'i Satana lehibe indrindra dia ny hitiavantsika an'izao tontolo izao fa tsy Andriamanitra. Ny faharavana ara-panahy dia mety ahitana ny toerana misy eo amin’ny fiaraha-monina, ny fitiavam-bola, ny fitiavana lamaody lafo vidy na ny fiara, ary ny fitiavana be loatra ny fahafinaretana ara-nofo. Hoy Andriamanitra amintsika: "Izay itoeran'ny harenao, dia ho any koa ny fonao" (Mat. 6:21).

• Teny fikasana handresena ny fiahiahiana izao tontolo izao (Kol. 3: 1-3; Rom. 12: 1, 2)

***Fanagejan'i Satana***: Miharihary fa amin'ny maha-kristiana mpino ny Baiboly antsika, dia mety tsy tafiditra amin'ny zavatra sasany mihitsy isika! Ny zava-mahadomelina, paraky, alikaola (na zava-mahadomelina mahatonga fiankinan-doha), ary ny zavatra hafa amin'ny asan'ny maizina tsy azon'ny Kristiana atao. Toy izany koa ny ankamaroan'ny mozika laika

misy, ary koa ny sarimihetsika, fandaharana amin'ny fahitalavitra, ary boky misy majika, fivavahana amin'ny fanahy/maty, tantara foronina, mpamosavy, na vampira. Ny Baiboly dia milaza amintsika mba tsy hisian'ny fifaneraseran'ny mazava sy ny maizina.

• Teny fikasana handresena ireo toerana mimanda Satana (2 Kor.10: 3, 4; Sal. 40: 2, 3)

***Fahotan'ny tsy fanaovan-javatra***: Matetika isika miarahaba tena fa tsy manao ratsy nefa tsy afaka miaiky fa tsy manao ny tsara. Ireto "fahadisoana ny amin'ny tsy fanaovan-javatra" ireto dia mety ahitana ny tsy fitadiavana an'Andriamanitra amin'ny fo manontolo, ny tsy fisian'ny fanoloran-tena feno amin'ny fo, ny tsy fisian'ny fankahalana ny ota ary ireo zavatra izay mandratra an'i Kristy indray, ny tsy fisian'ny faniriana fatratra handray bebe kokoa ny Fanahy Masina (ny hany zavatra hanome antsika fandresena ny ota), tsy fahampian'ny fahazotoana ara-panahy sy fiainana, tsy fahampian'ny vokatry ny Fanahy eo amin'ny fiainantsika (jereo Gal. 5:22), tsy fahampian'ny finoana, tsy fanetren-tena, tsy fahatokisana ny Tenin 'Andriamanitra, tsy fahampian'ny fahalianana marina amin'ny fandalinana ny Baiboly sy ny vavaka, ny tsy fahampian'ny tanjaka ara-panahy sy tsy fananana hazon-damosina rehefa misy famelezana ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra, ny tsy fifehezan-tena, ny tsy fikarakarantsika ny vatantsika hahafahantsika mandray tsara kokoa ny Fanahy Masina, tsy fananana hafanana sy fitiavana an'ireo rahalahintsika sy rahavavintsika, tsy fisian'ny finamanana amin'ireo olon-tsy fantatra sy ireo izay tsy mitovy amintsika, tsy fananana hatsaram-panahy ary fahavononan-tena hanao sorona ho an'ny madinika indrindra, tsy fahampian'ny fitondrana ny hazofijaliana isan'andro sy ny fandavan-tena ho tombotsoan'ny filazantsara, tsy fahampian'ny finiavana hiady mafy sy hivavaka mafy ho an'ny hafa, tsy fahampian'ny faniriana sy fiezahana hijoro eo amin'ny banga ho mpanelanelana amin'ny tany andalam-pahaverezana, tsy fahampian'ny alahelo noho ny fanakanantsika ny asan'Andriamanitra amin'ny tsy firaharahana ara-panahy, ary mitohy ny lisitra.

• Teny fikasana famelana ny heloky ny tsy fanaovan-javatra (1 Jaona 1: 9; Efes. 2: 8, 9; Jer. 33: 3)

Soa ihany fa nolazaina tamintsika fa tonga i Kristy mba hanafaka ireo babo, hanitsy ny làlantsika miolikolika ary hanapatapaka ireo gadra mamatotra antsika (jereo ny Isa. 58: 6; Isa. 45: 2).

Nanoratra i Ellen White manao hoe: "Aoka hantsoina amin'ny anarany ny fahotana, ary aoka hofongorana tsy ho ao am-piangonana amin'ny fiaiken-keloka, ny fibebahana ary ny fanavaozana, mba tsy hanehoan'ny mambra eo anatrehan'ny anjely sy ny olona ny endrika dison'ny fahamarinana izay lazainy fa inoany. Aoka ny tenin'ny apostoly, voalaza mazava tsara sy miavaka tsara, ary miaraka hatsaram-panahy sy fitiavana, handrava ny sakana rehetra. Aoka ny olon'Andriamanitra hanao asan'ny fibebahana amin-kitsim-po sy fahamarinana. Aza manana fahazotoana hifampietry ny hafa. Ianao no aoka hanetry tena. Raiso an-tànana ny momba anao, ary amin'ny fiaiken-keloka feno fanetren-tena dia mijoroa ho madio eo anatrehan'Andriamanitra. " *(Signs of the Times, October 30, 1901).*

# DINGANA ENINA HO AMIN'NY FAHAFAHANA

1. Ekeo am-panetren-tena amin'Andriamanitra ny ota manokana tonga ao an-tsainao. (Eny, efa fantany, fa ny firesahana izany amin'Andriamanitra dia mampitsikafona izany mba hahazoany manala azy amin'ny fonao. Ny fanekena ny otanao manokana amin' Andriamanitra dia toy ny milaza hoe, "Andriamanitra o! mazava amiko ilay izy! Marina ny hevitrao! Ratsy tokoa iny! ")

2. Mangataha famelana amin'Andriamanitra. Rehefa miaiky voalohany indrindra ny ota isika ary avy eo mangataka Aminy hanadio antsika, mifototra amin'ny fahamendrehan'ny rà nalatsany, vao tena misy ilay fanadiovana. Amin'ny fotoana indrindra angatahantsika sy handraisantsika ny famelan-keloka avy Aminy no madio tokoa isika.

3. Mihodina ary mandeha amin'ny làlana vaovao hafa. Antsoin'ny Baiboly hoe fibebahana izany. Midika fotsiny izany fa manapa-kevitra ny tsy hanota intsony. Tsy fahatsapana nenina amin'ny fahotantsika fotsiny izany; fanovana azo ampiharina mba tsy hamelantsika izany fahotana izany hiverina ao am-pontsika sy ho velona indray ao am-pontsika. Mitadiava teny fikasana manokana ao amin'ny Baiboly ho takiana rehefa mivavaka ianao mba hanampian' Andriamanitra anao handeha amin'ny làlana vaovao amin'ny fandresena sy ny heriny. Tsy tokony handeha amin'ny làlana vaovao fotsiny isika fa tokony hangataka amin' Andriamanitra ihany koa mba hanome antsika fo vaovao hankahalantsika ny ota nankamamiantsika taloha!

> "Ny fibebahana dia tsy maintsy misy fahatsiarovana mangirifiry noho ny fahota sy fahafoizana izany. Tsy afaka hiala amin'ny fahotana isika raha tsy mahita ny tena maha-fahotana azy; ary raha tsy efa miala tanteraka tsara amin'izany ao am-pontsika isika dia tsy hisy fiovana tanteraka tsara amin'ny fiainantsika "(DHK, p. 26).

4. Angataho Andriamanitra haneho aminao raha misy zavatra hafa tokony hatao momba ny fahotanao manokana. Raha nisy fiantraikany tamin'ny hafa ny fahotanao, dia tokony hanatona ireo izay nasianao ratsy ianao ary hangataka famelana. (Na mamela heloka izy ireo na tsia, dia nanao ny anjaranao ianao fara-faharatsiny.) Raha nangalatra ianao dia mety ilainao ny manonitra miaraka amin'ny zanabola. Raha nandainga ianao dia mety ilainao ny manitsy ny zava-bitao amin'ny filazanao ny marina ary miezaka manala ny vokatry ny lainganao araka izay azo atao.

*ZAVA-DEHIBE: Misy zavatra vitsivitsy miavaka amin'ity dingana ity. Raha toa ny fahotanao manokana mahakasika zavatra novisavisainao tao an-tsainao toy ny filan-dratsy na fialonana dia TSY METY mandrakariva ny miaiky ireo fahotana manokana ireo noho ny eritreritrao diso.*

Tsy misy raiki-pohy napetraka mba hanitsiana ny lesoka. Izany no antony tsy maintsy anatonantsika an'Andriamanitra ary hitenenantsika hoe: "Andriamanitra o! vonona aho hanao izay rehetra ilaina hanarenana izany - koa mba asehoy ahy izay tokony hataoko." Vavaka sarotra atao izany vavakaizany, nefa raha avelantsika hitarika antsika Andriamanitra, dia mahagaga ny fiovana tanteraka eo amin'ny fiainantsika na dia ao anatin'ny fotoana fohy aza. Indraindray Andriamanitra dia mety maniry anao hanao zavatra lehibe hanitsiana izay nataonao, fa amin'ny fotoana hafa dia mety ho tsotra toy ny manomboka maneho ny fitiavan'i Kristy amin'ny olona amin'ny fomba azo ampiharina.

5. Araho izay itarihin'Andriamanitra anao mba hatao. Rehefa miteny amin'Andriamanitra ianao fa vonona ny hanao izay ilaina mba hanitsiana ny toe-javatra, dia ataovy izay asehony anao! Ary takio ny teny fikasany. Hanampy anao Izy. Mivavaha hatrany araka ny Teny!

Tahaka an'i Jakôsy nitolona nandritra ny alina dia tsy maintsy miady ihany koa isika mandra-pahazavan'ny andro. Tokony hitazona an 'Andriamanitra isika ka hanao hoe: “Tsy havelako handeha ianao ambara-pitahianao ahy! Tsy avelako handeha ianao mandra-panafahanao ahy amin'ity sehatra amin’ny fiainako ity! ” Tsy vavaka sahisahy foana izany. Tsy mivavaka ho an'ny faniriana feno fitiavan-tena isika fa ho an’ny fandresena ireo fahasimbana ara-panahy eo amin'ny fiainantsika izay misakana ny fitahian'Andriamanitra. Mivavaka ho an’ny fanamafisana antsika amin’ny ara-panahy isika. Mivavaka isika mba hanana fo vaovao sy fanahy vaovao hahazoan'ny Fanahy Masina hirotsaka tokoa. Ireo no zavatra nampanantenain'Andriamanitra homena antsika.

6. Manomboha manangona andalan-tSoratra Masina misy teny fikasana ho takiana rehefa alaim-panahy hiverina amin'ny fombanao taloha ianao. Isaky ny mahita ny fahavalo manandrana mamerina ny marimaritra iraisana eo amin'ny fiainanao ianao, dia miadia amin'ny alalan’ny Tenin'Andriamanitra. Andriamanitra no hanome anao ny fandresena.

Nilaza tamintsika i Ellen White hoe: "Amin'ny fiambenana sy ny vavaka dia azo tandremana tsara ireo mampahalemy antsika indrindra mba hahatonga azy ireny ho tanjaka indrindra ho antsika ary afaka hiatrika fakam-panahy isika nefa tsy ho resy" (*Pastoral Ministry, p. 25).*

*Ireo fisaintsainana ireo dia nalaina tao amin'ny boky* Ask for More: Divine Keys to Answered Prayer - *Sahy Mangataka Bebe Kokoa: Tsiambaratelon’Andriamanitra hamaliana Vavaka, nosorataon'i Melody Mason, copyright Pacific Press, 2014.*

**Taratasy 2 ho an'ny Vavaka Iombonana aorian'ny Vavaka ataon'ny Tena Manokana**

## ZAVATRA HIFANTOHAN'NY VAVAKA IOMBONANA

*[Ireto lohahevitra momba ny vavaka manaraka ireto dia ny hampifantoka ny sainao rehefa mivavaka ianao ho an'ny fanafahana anao amin'ny faharavana ara-panahy sy ho an'ny fanolorana lalina kokoa ny fonao. Mety hitondra vavaka fanampiny ao an-tsainao Andriamanitra. Ento am-bavaka ireo araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Manentana anao izahay mba hijery ireo teny fikasan'ny Baiboly ireo rehefa mivavaka ianao.]*

• Misaotra an Andriamanitra fa Izy dia Andriamanitra mihaino sy mamaly vavaka. (Mat. 7: 7)

• Misaotra an'Andriamanitra fa tsy afaka mandainga Izy, ary ny Teniny tsy miverina Aminy foana. (Isaia 55:11)

• Misaotra an'Andriamanitra fa rehefa mangataka zavatra araka ny sitrapony isika dia mihaino antsika Izy. (1 Jaona 5:14)

• Misaotra an'Andriamanitra noho ny teny fikasany lehibe sy sarobidy. (2 Pet. 1: 4)

• Misaotra an'Andriamanitra noho ny fitiavany lehibe sy ny fiainana mandrakizay. (Jaona 3:16)

• Misaora an Andriamanitra noho ny famelany heloka sy ny fandresena ao amini Jesosy (1 Jaona 1: 9; 1 Kor. 15:57)

• Misaotra an'Andriamanitra fa vaovao isa-maraina ny famindram-pony (Fitom. 3:22, 23)

• Mangataka an'Andriamanitra hamelombelona antsika ary hanome aina ny taolana maina. (Ezek. 37: 5)

• Mangataha amin'Andriamanitra fifohazana lehibe kokoa, miorina amin'ny Tenin'Andriamanitra, ho an'ny fiangonantsika. (Sal. 85: 6)

• Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika hitady Azy amin'ny fontsika rehetra sy hametraka Azy ho lohalaharana isan'andro. (Jer. 29:13)

• Mangataka an'Andriamanitra hanampy antsika hitia Azy amin'ny fontsika sy ny fanahintsika rehetra. (Deot. 30: 6)

• Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika hifankatia tahaka ny itiavany antsika. (Jaona 13:34)

• Mangataka an'Andriamanitra hanasitrana ny fifandraisana tapaka ary hamerina ny firaisan-kina ao amin'ny fianakaviantsika. (Sal. 68: 6)

• Mangataka an’ Andriamanitra hitondra firaisan-tsaina ao amin'ny fiangonantsika ary hanampy antsika ho tafaray. (Jaona 17:22)

• Mangataka an’Andriamanitra hanampy antsika hanapaka ny fatorana amin'ny fifandraisana ara-panahy manimba. (2 Kor. 6:14)

• Mangataka an’Andriamanitra hanaisotra izay endrika roa sosona mety misy eo amin'ny fiainantsika. (1 Sam. 16: 7)

• Mangataka an’Andriamanitra hanafaka antsika amin'ny sampy / fiankinan-doha mampisaraka antsika Aminy. (Ezek. 36:25)

• Mangataka an’Andriamanitra hanaisotra ny fahadontoantsika ary hanome antsika fo vaovao ho azy. (Ezek. 36:26)

• Mangataka an’Andriamanitra hanome antsika fandresena amin'ny toe-tsaina mandratra na tsy mendrika an'Andriamanitra. (Fil. 2: 5; 4: 8)

• Mangataka an’Andriamanitra hanafaka antsika amin'ny fironana hiteny teny tsy kristianina. (Efes. 4:29)

• Mangataka an’ndriamanitra handresy lahatra ny fontsika amin'ny fitondran-tena ratsy na safidy ataontsika. (1 Kor. 10:13)

• Mangataka an’Andriamanitra hanafaka antsika amin'ny fiahiahiana an'izao tontolo izao. (Rom. 12: 1, 2)

• Mangataka an’Andriamanitra hanafaka antsika amin'ny faharavana ara-panahy sy hanatanjaka antsika ho voninahiny. (1 Kor. 15:57)

• Mangataka an’Andriamanitra hanafaka antsika amin'ny fanagejana ara-panahy ataon’i Satana. (2 Kor. 10: 3, 4)

• Mangataka an’Andriamanitra hamela ny helontsika noho ny fahotantsika tamin'ny tsy fanaovan-javatra. (Rom. 8:26)

• Mangataka an’Andriamanitra hanafaka antsika amin'ny fanahy matimatin’i Laodikia (Apok. 3:15, 16)

• Mangataka an’Andriamanitra hanampy antsika hahita ny filantsika ara-panahy lehibe. (Apok. 3:17)

• Mangataka an’Andriamanitra hanala ny fahajambana ara-panahy amin'ny masontsika. (Apok. 3:18)

• Mangataka an’Andriamanitra mba hanala ny toe-tsaina mpimonomonona sy mpimenomenona. (Nom. 14:27)

• Mangataka an’Andriamanitra hanome antsika fanahin'ny fiderana sy fankasitrahana amin'ny toe-javatra rehetra. (1 Tes. 5:18)

. Mangataka an' Andriamanitra hanome antsika fo manetry tena amin'Andriamanitra sy amintsika samy isika. (Sal. 51:17)

• Mangataka an'Andriamanitra hanome antsika fahaizana mamela keloka an'ireo izay nandratra antsika. (Mat. 6:14)

• Mangataka an'Andriamanitra hanasitrana antsika amin'ny ratrantsika. (Jer. 30:17)

• Mangataka an'Andriamanitra fatra lalina kokoa ny Fanahy Masina. (Lioka 11:13)

• Mangataka an'Andriamanitra hampianatra antsika hivavaka sy tena ho sahy hangataka bebe kokoa. (Efes. 3:20)

• Mangataka an'Andriamanitra hanampy antsika haharitra amin'ny vavaka — mba tsy hamela Azy handeha antsika raha tsy mamaly Izy. (Gen. 32:26)

• Mangataka an'Andriamanitra hanadio ny fahotantsika ho fotsy tahaka ny oram-panala. (Isaia 1:18)

• Mangataka an'Andriamanitra hanampy antsika hahay hiravoravo amin'ny Teniny. (Jer. 15:16)

• Mangataka an'Andriamanitra hampianatra antsika hivavaka araka ny Teniny amin'ny fahatokiana. (Sal. 119: 9, 11, 89)

• Mangataka an'Andriamanitra hanampy antsika ho mpankatò ny Teniny fa tsy mpihaino fotsiny. (Jak. 1:22)

• Mangataka an'Andriamanitra mba tsy ho voahozongozona ny finoantsika amin'ny fitsapana. (Sal. 16: 8)

• Mangataka an'Andriamanitra hanana finoana hatoky na dia tsy hitantsika aza izay ataony. (Jaona 20:29)

• Mangataha hery amin'Andriamanitra hijoroana mafy amin'ny tafiotra ho avy. (Deot. 33:25)

• Mangataka an'Andriamanitra hanampy antsika hanaiky ny fanomezana maimaim-poana ho an'ny famonjena. (Efes. 2: 8, 9)
• Mangataka an'Andriamanitra hanampy antsika hanaiky ny akanjom-pahamarinan'i Jesosy. (Isaia 61:10)

• Mangataka an'Andriamanitra hanampy antsika hanamboatra ny simba. (Isaia 58:12)

• Mangataka an'Andriamanitra hanonitra ny taona lanin'ny valala eo amin'ny fiainantsika. (Joela 2:25, 26)

• Mangataka an'Andriamanitra hanampy antsika hianatra ny dikan'ny hoe mikatsaka Azy aloha. (Mat. 6:33)

Taratasy 3 Ho an'ny Vavaka Iombonana

## TENY FIKASANA MAHERY VAIKA MOMBA NY VAVAKA

[Teny Fikasana Nangonina avy tamin'ny Baiboly
sy Teny Notsongaina avy tamin'ny Fanahin'ny Faminaniana]

"Fikiro àry ny teny toy ny ravin'ny hazon'aina: ' Izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy. 'Jaona 6:37. Raha manatona Azy ianao dia minoa fa manaiky anao Izy, satria efa nampanantena izany. Tsy ho very na oviana na oviana ianao raha manao izany - sanatria" *(Tanamasoandron'ny Fahasalamana, p. 44).*

"Efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny tone-panahy araka an'Andriamanitra amin'ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin'ny voninahiny sy ny fahatsarany; ary izay no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra amin'izany ianareo rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin'izao tontolo izao noho ny filàna" (2 Pet. 1: 3, 4).

"Izay rehetra manokana ny tenany sy ny fanahiny ho an'Andriamanitra dia handray mandrakariva ny fanomezana vaovao amin'ny hery ara-batana sy ara-tsaina. Azony baikoina ny tahirin'ny lanitra tsy mety ritra. Omen'i Kristy azy ny fofonain'ny Fanahiny, dia ny ainy mihitsy. Mamoaka ny heriny ambony indrindra ao am-pony sy ao an-tsainy ny Fanahy Masina. . . . Tanteraka ao Aminy izy amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'i Kristy ka atao afaka manao ny asan'Ilay manana hery rehetra izy ao amin'ny fahalemen'ny maha-olombelona azy *"(IFM, p. 887).*

«Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny "(2 Tan. 7:14).

""Rehefa afa-po amin'ny zavatra madinika ny fiangonana dia tsy ho afaka handray ny zavatra lehibe avy amin'Andriamanitra" " (*Home Missionary, 1 Nov 1893*).

"Mangataha ranonorana avy amin'i Jehovah ianareo amin'ny andro fara-orana, dia avy amin'i Jehovah Izay manao ny helatra. Ranonorana mivatravatra no homeny azy, eny samy homeny ny zava-maitso any an-tsaha ireny. "(Zak. 10: 1).

"Ny firotsahan'ny Fanahy Masina amin'ny fiangonana dia andrandraina toy ny amin'ny ho avy; nefa tombontsoa ho an'ny fiangonana ny manana izany ankehitriny. Katsaho izany, mivavaha ho amin'izany, minoa izany. Tsy maintsy manana izany isika, ary ny Lanitra dia miandry mba hanome izany"(*Review and Herald, 19 martsa 1895*).

Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy? (Lioka 11:13).

"Hitolona amin'Andriamanitra amin'ny vavaka ve isika? Handray ny batisan'ny Fanahy Masina ve isika? Izany no ilaintsika ary tokony hananantsika amin'izao fotoana izao. . . .

Raha mandeha am-panetren-tena miaraka amin'Andriamanitra isika, dia hiara-mandeha amintsika Andriamanitra "(*Pray, p. 87*).
«Raha misy roa aminareo no MIFANAIKY ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia HO AZONY avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany. Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia eo afovoany Aho " (Mat. 18:19, 20).

"Ny fitahiana lehibe indrindra azon'Andriamanitra omena ny olona dia ny fanahin'ny vavaka an-kitsim-po. Misokatra eo anoloan'ny olona vonton'ny vavaka ny lanitra manontolo. . . . Ireo masoivohon'i Kristy dia hanana fahefana eo amin'ny olona rehefa mankeo amin' Andriamanitra miaraka amin'ny fitalahoana an-kitsim-po izy,"(*Prayer, p. 83).*

"Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: raha mangataka zavatra araka ny SITRAPONY isika, NA INONA NA INONA angatahintsika, dia mihaino antsika Izy" (1 Jaona 5:14).

"Izay rehetra noraisin'i Kristy tamin'Andriamanitra dia mety ho azontsika koa. Avy eo manontany dia mandray. Amin'ny finoana fenofaharetana nananan'i Jakôba sy amin'ny fikirizana tsy metysasatra to amin'i Elia, takio ho anao izay rehetra efa nampanantenain' Andriamanitra "(HF, p. 122).

"Ary na inona na inona angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny FINOANA dia ho azonareo" (Mat. 21:22).

"Ny fivavahana sy ny finoana dia afaka hahavita zavatra izay tsy azon'ny hery eto ambonin'ny tany tanterahina" (*Tanamasoandron'ny Fahasalamana, p.431*).

«Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo; ary ho vavolombeloko. . . hatramin'ny amin'ny faran'ny tany "(Asa. 1: 8).

"Raha mila hery ianao dia afaka hanana izany; miandry ny drafitra ataonao izany. Minoa fotsiny an 'Andriamanitra, raiso amin'ny Teniny Izy, miasà amim-pinoana, dia ho tonga ny fitahiana "*Prayer, p. 84)*.

"Ao aminy no miaraka aorina koa ianareo ho fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy" (Efes. 2:22).

"Tsy misy fetrany ny soa mety ho vitan'ny olona iray izay manadino ny tenany, ka manome malalaka ny Fanahy Masina hiasa amin'ny fony sy ny fiainany voatokana tanteraka ho an'Andriamanitra" (*Christian Service, p. 254).*

"Fa izao no lazain'Iray Avo sy manerinerina Izay monina mandrakizay, Masina no anarany: ao amin'ny fitoerana avo sy masina no onenako, ary ao amin'ny torotoro fo sy manetry tena, hamelombelona ny fanahin'ny manetry tena sy hamelombelona ny fon'ny torotoro fo '"(Isa. 57:15).

"Ny fanahy izay mahatsapa ny ilainy dia tsy mitana na inona na inona. Azony atao ny manatona tsy misy fepetra an'Ilay itoeran'ny fahafenoana rehetra " (*IFM, p. 313*).

"Ny fanatitra ho an'Andriamanitra dia fanahy torotoro; ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinontsinona." (Sal. 51:17).
“Ny fandresena lehibe indrindra azon'ny fiangonan'i Kristy na azon'ny Kristiana tsirairay avy dia tsy mba vokatryny talenta, na ny fitaizana, na ny harena, na ny tombontsoa avy amin'ny olombelona tsy akory; fa vokatry ny ny fivavahana mangina teo anatrehan' Andriamanitra tamim-pinoana miredareda sady tsy azo hozongozonina izay mamihina mafy ny herin’ny Tsitoha. ”(*Patriarka sy Mpaminany, p. 198*).

"Tsy manana ianareo satria tsy mangataka” (Jak. 4: 2). “Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako ianareo. Mangataha dia hahazo ianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo” (Jao. 16:24).

"Isan’ny soritrtr'asa nataon’Andriamanitra ny hanome antsika, ho valin'ny vavaky ny finoana, izay tsy ho natolony raha tsy nangatahintsika " (*Hery Mifanandrina, p. 546*).

"Raha miray Amiko ianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa HO TONGA aminareo izany" (Jaona 15: 7).

"Raha maniry hahalala sy hanao ny sitrapon'Andriamanitra isika, dia tanterahina ho antsika ny teny fikasany" (*From Heaven With Love, p. 166)*.

«Raha amin’ny olona dia zavatra tsy hainy izany, fa tsy mba tahaka izany amin' Andriamanitra; fa hain'Andriamanitra ny ZAVATRA REHETRA. ”(Marka 10:27).

" Tsy afaka manakana ny asan'Ilay manana ny hery rehetra ireo zavatra tsy hain’ny nofo " (*IFM, p. 570*).

“Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha mba ho sitrana ianareo. Ny fiasan’ny fivavaky ny marina dia MAHERY indrindra ”(Jak. 5:16).

"Ny antso mankany any an-danitra ataon'ny olo-masina manetry tena indrindra dia atahoran' i Satana mihoatra ny didy na ny baikon'ny mpanjaka" (*In Heavenly Places, p. 82).*

"Sambatra kosa izay tsy nahita nefa nino" (Jao. 20:29).

“Tsy misy atahorana ny amin’ny hoe hanaovan’ny Tompo an- tsirambina ny fivavahana ataon’ny vahoakany. Ny atahorana dia sao ny fakam-panahy sy ny fitsapana hahakivy azy ireo ka ho diso tsy haharitra amin'ny fivavahana izy” (HF, p. 147).

"Fa ny mason'i Jehovah mijery eny tontolo eny eran'ny tany rehetra, mba hisehoany AMAN-KERY hamonjy izay manana fo mahitsy Aminy" (2 Tan. 16: 9).

"Nanao antoka ny voninahitry ny seza fiandrianany ho fahatanterahana ny teniny tamintsika Izy" *(Henoinareo ny Fanoharana, p. 121*).

"Ary ho an'izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny HERINY [Heriny] izay miasa ato amintsika" (Efes. 3:20).

"Ny Tompo dia hanao mihoatra ny fanatanterahana ireo zavatra ambony indrindra andrasan' ireo izay mametraka ny fitokiany Aminy" (*My Life Today, p. 55*).

“Indrisy, Jehovah Tompo ! Indro, Hianao no nanao ny lanitra sy ny tany tamin’ny herinao lehibe sy ny sandrinao nahinjitra. TSY MISY zava-mahagaga izay tsy hainao ”(Jer. 32:17).

“Tsy ireo fahaiza-miasa anananao ankehitriny na mbola mety ho azonao no hanome anao fahombiazana fa izay azon'ny Tompo atao ho anao. Tokony ho kely mihitsy ny fitokisantsika izay azon'ny olona atao, fa ny fitokisantsika izay azon'Andriamanitra ho an'ny fanahy mino kosa dia tokony ho be lavitra. Iriny indrindra ny hikatsahanao Azy amin'ny finoana. Irriny indrindra ny hanantenanao zava-dehibe avy Aminy ”*(HF, p. 119*).

«Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo ”(Mat. 7: 7).

“Amin'ny fahatsoram-po, amin'ny hanoanan'ny fanahy, mitalahoa amin'Andriamanitra. Aoka hitolona amin'ireo iraka avy any an-danitra mandra-pahazoanao ny fandresena. Apetraho eo am-pelatanan'ny Tompo ny maha-ianao manontolo, ny fanahinao, ny tenanao ary ny fanahinao, ary manapaha hevitra ny ho tonga fitaovany feno fitiavana sy fanoloran-tenaa, atosiky ny sitrapony, fehezin'ny sainy, feno ny Fanahiny ”(*Prayer, p. 75*).

"Ary izahay dia vavolombelon'izany zavatra izany, ary ny Fanahy Masina koa, Izay efa nomen'Andriamanitra ny manaiky Azy" (Asa. 5:32).

"Tsy mahavita na inona na inona ny olona raha tsy misy an’Andriamanitra, ary Andriamanitra dia nandamina ny drafiny mba tsy hanatanteraka na inona na inona amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny taranak'olombelona raha tsy misy ny fiaraha-miasa eo amin'ny olombelona sy Andriamanitra. Ny ampahany takiana amin'ny olombelona ho tohanany dia kely tsy hita refy, kanefa ao amin'ny drafitr'Andriamanitra dia io ampahany io indrindra no ilaina hampahomby ny asa "(*God's Amazing Grace, p. 319*).

"Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra?" (Rom. 8:32).

“Tsy maintsy mijery an'i Kristy isika; tsy maintsy manohitra toa izay nanoherany isika; tsy maintsy mivavaka toa izay nivavahany isika; tsy maintsy mijaly toa izay nijaliany isika, raha te-handresy toa izay nandreseny ”*(That I May Know Him, p. 34*).

“Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina. Moa efa nilaza va Izy ka tsy hefainy? Na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny? (Nom. 23:19).

“Minoa fotsiny ary miderà an'Andriamanitra dia mandrosoa. Efa akaiky ho tody ao an-trano isika izao…. Ento eo amin'ny teny fikasan'Andriamanitra ny entanao rehetra. Minoa fa tombon-tsoa ho anao ny mino ”(*Letter 31, January 1, 1887).*

"Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika" (1 Kor. 15:57).